ANJOZOROBE 5

# TOVOLAHY TRATRA NANGALATRA, SAIKA NALEVIN'NY OLONA VELONA

MARINA IZANY ! 6


TAKALON'AINA


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7845 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alatsinainy 15 aprily 2024


KITRA - KIANJA MAHAMASINA 15



## TSY AFAKA MANDRAY AN'I MALI SY COMORES

FIFIDIANANA SOLOMBAVAMBAHOAKA 6

# KANDIDÀ 519 NAMETRAKA TARATASY FIROTSAHAN-KOFIDINA, 45 NAHINTSANA




Tafa...sika 3

RANDY DONNY


FAHITANA NY TSY RARINY ENY AMBANY TANANA



## HILATSAKA HOFIDIANA DEPIOTE

KAOMININ'ANTANANARIVO-RENIVOHITRA 8

## MBOLA MANAN-KERY ILAY NAOTY FITAKIANA HABAN-TSENA




Maorisy - Madagasikara

# Atomboka anio etsy amin'ny Havoria Anosy ny tetikasa "Interculturel Ratsitantanina"

*Anisan'ny hisongadina ny famelabelaran-kevitra mikasika ny lohahevitra hoe " Ratsitatanina et les Grands oubliés de l'Hisotire " ; Eo koa ny tsiahy sy tsiaro hanomezam-bonihanihatra ity mahery fo nanohitra ny fahatongavan'ny vazaha teto amintsika ity.*



**Hiresaka ny fomba fijerin'ny Malagasy azy amin'ny alalan'ny fanorona Ranajatohery.**

Hetsika maro no entina manamarika ny faha-202 ahatsiarovana ny nanapahan-doha ny Printsy Ratsitantanina sy ny tetikasa kolotoraly iraisan'ny Firenena Maorisina sy Madagasikara. Ansian'ny hevi-dehibe novoizin'ny Marosirianina hatramin'ny nahazoany fahaleovan-tena ny taona 1968 ny nametrahana ny datin'ny 15 avrily ho andro nanafoana ny fanandevozana tao Maorisy. Io daty io anefa no daty nanapahana ny lohan-dRatsitantanina, printsy malagasy. Teraka ny taona 1790 izy ary notahapahin-doha ka maty tamin'ny 15 avrily 1822 tao 1plaine Verte Maorisy. Ara-tantara, dadatoan-dRatsitantanina Radama voalohany, izay nanjaka teto Imerina ny taonjato faha-18 (voalaza etsy ankilany).

Manomboka anio, hiaraka hankalaza sy hanome voninahitra ity andro ity miaraka amin'ny Nosy Maorisy isika. Hetsika maro no entina manamarika izany, eo ambany fiahian'ny Minsiteran'ny Raharaham-bahiny sy ny Minsiteran'ny Serasera sy ny kolontsaina, ny fikambanana RRR sy ireo taranaky Rainimanga Ramboaniainasy Ratsihitsahina miaraka amin'ny Masoivohon'ny Repoblikan'ny Nosy Maorisy miasa sy monina eto amintsika.

**Famelabelarana**

Hanomboka amin'ny 9 ora maraina ny fankalazana aorian'ny firedonana ny hiram-pirenena malagasy sy maorisy ary fandraisam-pitenana samihafa. Anisan'ny hisongadina ny famelabelaran-kevitra entin'i Nasolo Valivao Andriamihaja, mikasika ny lohahevitra hoe « *Ratsitatanina et les Grands oubliés de l'Hisotire* » adika amin'ny teny malalaka hoe « *Hadinon'ny tantara ny fisian-dRatsitatanina* ». Aorian'izany ny tsiahy sy tsiaro hanomezam-bonihanihatra ity mahery fo nanohitra ny fahatongavan'ny vazaha teto amintsika ity. Ka hitondra ny fahitany izany ilay mpahay tantara Stephan Kargjoo sady mpikaroka ary talen'ny Centre Nelson Mandela pour la Culture Africaine et Créol. Atao amin' ny alalan'ny sary ampitaindavitra moa izany.

**Tsiahy sy tamberina**

Hisy ihany koa ny fampirantiana sy velatseho mikasika ny lohahevitra hoe « *Tsy nanana Baiboly sy Koran ary ny Toran sy ny Vidéas ny Malagasy fa nanana ny Fanorona* » (Le Malagasy n' a ni la Bible, ni le Coran, ni le Torah, ni les Védas,… il a le Fanorona). Amin'io tapakandro maraina anio io hany dia hisy ny ihany koa ny tsiahy sy tamberina eo anivon'ny Repoblikan'i Maorisy ho fahatsiarovana ny 200 taona hahatsiarovana an-dRatsitatanina, izay atolotry ny Dr Jimmy Harmon. Ny hariva kosa, hisy ny velakevitra entin-dRanjatohery Herilala mikasika ny fomba fijerin'ny Malagasy ny manodidina azy amin'ny alalan'ny fanorona. Eo ihany koa ny mikasika ny « Ecole de guerre du Prince Ratsitatanina », na ny sekoly fianarana ady, izay entin'i Rivo Andriamanalina. Rahapitso, hisy ny teatra mikasika ny andro farany namonoana an-dRatsitatanina ao amin'ny Ivokolo Analakely. Hanomboka amin'ny 6 ora hariva, fa mialoha izany dia hisy ny fitsidihana ny Rovan'i Madagasikara ny maraina manomboka amin'ny 8 ora maraina.

**Tiaray R**

Printsy Ratsitantanina

# Nasandratry ny Maorisiana ho mahery fo, 202 taona anio ny nanapahan-doha azy





**Teto no nanapahana ny lohan-dRatsitantanina tany Maorisy tamin'izany andro izany.**

15aprily 1822 – 15 aprily 2024. Feno 202 taona anio ny nanapahan-doha ny printsy Ratsitantanina tany Maorisy rehefa nitsoaka ny fonja raha nalefa sesitany tany an-toerana. Nanomboka ny taona 1968 kosa, rehefa nahazo fahaleovantena i Maorisy, nasandratr'izy ireo ho mahery fo Ratsitantanina. Izany hoe 56 taona lasa izao no napetraka ho mahery fon'ny fahalalahana sy ny ady amin'ny mpampaory izy ho an-dry zareo Maorisiana. Nametraka tantara tsy hay hadinoina ho fanalana ny gejan'ny fanandevozana ny tantarany, izay ankalazaindry zareo Maorisiana isantaona raha toa ka hadinontsika Malagasy tanteraka.

**Nitsoaka**

Ny taona 1821 no nataon-dRadama Dadatoany sesitany tany Marosiy, tao amin' ny fonjan'i Port Louis, Ratsitantanina rehefa nanohitra ny fanokafana an'i Madagasikara ho an'ny Tandrefana. Nitsoaka ny fonja anefa izy ary nitaona ireo olona nandevozina hiaraka aminy. Anisan'ny nandreseny lahatra azy ireo ny hoe « *Andao hiaraka amiko eny antapon-tendrombohitra fa ho afaka ianareo* ». Rehefa fantatra fa tafaporitsaka tao amin'i Fonja Ratsitatanina dia namory ireo miaramila mitampiadiana i Adrien d'Epinay ka nanenjika azy. Voasambotry ny miaramila Britanika izy ary notapahan-doha ny 15 avrily 1822 tany Plaine Verte Maorisy. Anisan'ny namelohana azy tamin'izany ny hoe nikasa hamono an'i James Hastie, mpanolotsaina nalefan'ny governora britanika Sir Robert Farquhar ho any hifampidinika amin'ny Mpanjaka Radama I.

> *Nametraka tantara tsy hay hadinoina ho fanalana ny gejan'ny fanandevozana ny tantaran'i Printsy Ratsitantanina izay notapahan-doha ny 15 aprily 1822 tany Maorisy.*

**Mahery fo**

Araka ny nambaran'ny Profesora Issa Asgarally, dia nampitondra enta-mavesatra an'i Hastie Ratsitantanina tamin'ny fatiantoka azon'ny miaramilan'ny mpanjaka nandritra ny ady nataony tamin-dRamitraho, mpanjakan' ny Sakalava tao Menabe. Nanampy azy nandositra tany an-tendrombohitra i Laizafy. Noroahiny tamin'ny fomba ara-teknika ireo mpikomy, teo am-piandrasana ny miaramilan'i Farquhar nirongo fiadiana nanafika azy ireo. Rehefa nahazo ny fahaleovantena i Maorisy tamin'ny 1968, dia nasandratra ho mahery fo Ratsitatanina, izay azo itarafana ny ho endriky fahalalahana sy ady amin'ny mpampahory. Izany no nahatonga ny anaran'ilay mpitendry mozika Kaya hoe "Racine Tatane", ho fanomezam-boninahitra an'ilay lehilahy heverina ho tena maritiora ity.

**Vakoka**

Tsiahivina fa tany am-piandohan'ny taona 2000, nisy resabe nipoaka momba ny fitazonana sy ny fitehirizana ny karandohany. Voalaza fa voahosotra tao amin'ny Natural History Museum of Port-Louis, Maorisy notantarain'i Emmanuel Richon, fony izy mpiara-miasa amin' ny mpahay vakoka tamin'ny iraka ofisialy tao amin'ny « Institut Mauritius ». Nanomboka tamin'ny septambra 1997 ka hatramin'ny septambra 2000. Nahita loha iray nofonosina tsotra tao anaty harona izy. Avy eo i Emmanuel Richon dia nahafantatra avy amin'ny teknisianina iray momba ny tranombakoka fa nisy mpitahiry teo aloha nanome baiko ny fanalana ny lohan'ny andevo hafa.

**Tiaray R**

## Tafa....sika

Randy Donny

# Milatsaka hofidiana depiote noho ny fahitana ny tsy rariny eny ambany tanàna

*Randy Donny, fantatry ny maro tamin'ny fandaharana B-Louh. Mpanao gazety an-taona maro, nahavita nitety an'i Madagasikara sy firenena maro. Mpanoratra namoaka boky maro, ary amin'izao fotoana nilatsaka depiote. Nisy ny resaka nifanaovanay taminy :*



**Randy Donny sy ny ekipany, nitafa tamin'ireo vahoaka madinika teny Ampasika.**

***Gazetiko*** : Mpanao gazety no ahalalan'ny olona anao. Inona no nahasarika anao hiditra amin'io asa io ary inona no nanamarika anao tamin'ny asa fanaovan-gazety ?

**Randy D.**: "*Nanomboka tamin'ny kilasy T9 nanala Bepc ny tenako no nanapa-kevitra fa mpanao gazety no asa hataoko any aoriana. Vokatry ny fitiavana mamaky boky sy gazety no nahatonga an'io. Fahiny, toy ny sakafo ilaina isan'andro (PPN) ny fanjifana "Paris-Match" sy "L'Express" ary ny gazety "Lakroa" sy "Madagascar Matin" tao an-trano. Teo amin'ny kilasy 1ère kosa no nanoratra ny lahatsoratra nivoaka an-gazety voalohany, tamin'ny 1985, tao amin'ny "Midi Madagasikara". Faly ery tamin'izany satria nivoaka pejy voalohany ny lohatenin'ilay lahatsoratra. Milina fanoratana an'ny dadanay no nanoratana tamin'izany ary mbola voatahiry any, toy ny vakoka, izy io. Rehefa vita ny fianarana, nampianatra aloha izay vao nantsoin'ny gazety "L'Express" hanatevin-daharana ny ekipany, tamin'ny volana may 1996. Nanomboka teo izany no lasa mpanao gazety matihanina. Satria asa nosafidiana efa ela izy io dia tsy dia nisy loatra zavatra nanahirana fa zava-tsoa aza no maro niainana teo am-panaovana azy. Ny fanaovan-gazety no nahavitako nitety firenena am-polony maro eran-tany, nihaonako tamin'ny olo-malaza samihafa eran-tany ihany koa, toa ny fiarahamisakafo tamin'i Albert sy Caroline de Monaco tamin'ny 2000 ; fitsidihana ny foiben'ny Otan sy ny foiben'ny Vondrona Eoropenina any Bruxelles ; ny Banky foibe Eropenina any Danemarika sy ny sisa*".

***Gazetiko*** : Ankoatra ny maha mpanao gazety anao dia namoaka boky maro-maro ianao : « La Saga Mahaleo », « Jaojoby Eusèbe, du rhythm and blues au salegy», « Fonoka sy kalo » (amboaran-tononkalo), « Teorian'ny tandrimo ». Amin'ny fotoana inona ianao no manoratra ? Mitovy ihany ve ny manoratra lahatsoratra an-gazety sy ny manoratra boky ?

**Randy D.** : "*Amin'ny maha-mpanao gazety ahy dia tiako ny manoratra, mazava ho azy. Ny miteny aza no manavia ahy. Nanoratra boky maro tokoa aho. Tsy dia mahazatra izany aty Madagasikara fa maneran-tany dia zary fahazaran'ny mpanao gazety ny manoratra boky. Voafetra ihany mantsy ny habaka azo anoratana ao anaty gazety. Rehefa manoratra boky anefa dia afaka mivalapatra tsara satria mety ho anjatony pejy izany. Misy koa ireo hevitra na fanadihadiana izay manano sarotra ny famoahana azy an-gazety ka mila sehatra hafa mihitsy. Hatreto dia fito ireo boky efa navoakako ka ny telo amin'ireo dia niarahako tamin'nolon-kafa fa ny efatra kosa dia boky nosoratako samirery. Anisan'izany ny "Teôrian'ny tandrimo" izay amoaboasako ireo izay heveriko fa diso fito momba ny fampandrosoana an'i Madagasikara. Ny boky momba an'i Mahaleo sy Jaojoby indray dia vokatry ny tombon-dahiny azoko vokatry ny fanaovan-gazety satria nanatrika ny fampisehoana nataon'ireo artista ireo tany amin'ny Olympia ny tenako ny 2007 sy 2008. Mbola maro ireo lohahevitra kasaina havadika boky fa miankina amin'ny fotoana sy ny entimanana ihany izany. Matetika mantsy dia mianto-tena ny fahamoahana boky, ankoatra an'ireo iarahana amin'ny olon-kafa toa ny "La caricature et le dessin de presse en Afrique » izay navoakan'ny trano famoaham-boky L'Harmattan*".

***Gazetiko*** : Mpanao gazety an-tsoratra ianao dia rehefa avy eo lasa mpanao gazety teo anivon'ny haino amamnjery. Mitovy ihany ve ny asa atao amin'ireo tontolo samihafa ireo, toy ny tao amin'ny fandaharana "B-Louh", izay notarihinao ?

**Randy D.** : "*Tsy dia haiko loatra ny hamaly an'izay. Rehefa nantsoina aho ny hitarika ny fandaharana "B-Louh" tao amin'ny radio Tana sy RTA dia nanaiky tsy amimpihambahambana na dia tsy mbola niasa tamin'ny televiziona sy radio aza aho talohan'izany. Tsy nanao sarotra satria tiako ilay izy ary nampanita-kevitra ahy sy nanovozako fahalalana hatrany. Ny marina dia izao : ny zava-drehetra rehefa ataonao am-pitiavana dia mety foana, tsy mahasorena anao fa mampivelatra sy tian'ny olona satria vokatry ny fo. Telo taona no nitazomako ny fandaharana "B-Louh". Telo taona henika hafaliana sy fahombiazana satria vao taona voalohany dia nosokajiana ho fandaharana maraina tsara indrindra ny fandaharana "B-Louh". Folo taona aty aoriana, hita amin'ny resaka sy fihaonana amin'ny olona eny an-dalana fa mbola tsaroan'ny mpanjifa hatrany io fandaharana io. Isaorana ny rehetra izany, na ny mpanaraka, na ireo mpiara-miasa tamiko tao anatin'io fandaharana io*".

***Gazetiko*** : Anisan'ny mpifaninana hikazakazaka eny Tsimbazaza ianao amin'ity fifidianana depiote ity. Inona no nahatonga anao nisafidy ny hilatsaka solombavambahoaka ? Inona no fanamby omenao ny vahoaka hametraka ny safidiny aminao ?

**Randy D.** : "*Ny mpanao gazety dia mpitatitra ny zava-misy eny anivon'ny fiarahamonina. Mahita ny tsy mety sy ny tsy rariny maro izy noho izany. Ka izay indrindra no nahatonga ahy hanapa-kevitra ny hirotsaka ho fidiana solombavambahoaka satria mahafantatra tsara ny zava-misy eo amin'ny Firenena, indrindra ny zava-misy iainan'ny vahoaka. Etsy andaniny, ny tenako dia lehibe teny amin'ny toerana lazaina fa ambany tanàna. Ary mbola eny hatramin'izao. Tsapa anefa fa ataon'ireo mpanao politika fakana vato fotsiny ny eny ambany tanàna. Anipazana vola kely sy vary ary koveta dia rehefa vita izay ilany azy dia ilaozany fa afaka dimy taona indray izy vao miverina eo dia toa izay hatrany. Na ny vola omena ireo depiote isantaona aza, ilay antsoina hoe Ciad, izay mitentina 250 tapitrisa ao anatin'ny dimy taona, dia tsy hitan'ny eny ambany tanàna akory ny lokony nefa natokana hanamboarana foto-drafitr' asa any amin'zay toerana nahalany ilay depiote. Mbola Antananarivo anaty rano foana ny eny ambany tanàna, tsy misy fiovana fa miharatsy aza. Tsy rariny izany. Ny fanamby dia tsotra : tsy mba olo-mandalo sy tsy takatr' antso tao ireo kandidà hafa ny tenako sy ireo mpiray lisitra amiko fa olona niainga sy miaina eo an-tanàna ihany. Noho izany, tsy afaka hamitaka ny mpiray monina amiko satria ireo no miaramiaina sy mifanerasera aminay isan'andro. Momba ny volan'ny Ciad ohatra dia komity ahitana solon-tenan' ny vahoka ny hitantana azy io ka hanapaka izay tetik'asa ho vatsiana vola amin'ny alalany fa tsy avela amin'ny sitrapon'ny depiote irery ihany. Sombiny amin'ny programan'asanay izany. Ny ambiny dia ho fantatsika eny ihany rehefa misokatra ny fotoana fanaovana fampielezan-kevitra*".

**Dinika nifanaovan'i Fy**


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### A VENDRE

* Tsenabe Isotry. Trano 2 étages : 16ch, E&E, 1er plan, T&B, QC : 5Md Ar à déb. Tél : 033.73.021.33. (G-BA 797/8-7)

### MIVIDY

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara, sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.72.834.38. (G-BA 793/20-10)

* Lamba, kiraro, kahie, debara, machine, bisikileta, kojan-dakozia. Mama SARAH. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 799/10-5)

* Lamba, kiraro, vy, fanaka, TV, kojan-dakozia, poketra, debara. Rason. Tél : 034.31.324.79. (G-BA802/15-3)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy "Coupe homme". Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 798/10-5)

### MAMPIANATRA

* Mampianatra sary. Manao chevalet. Tél : 032.58.580.61. (G-BA 800/6-4)

### VIDANGE

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 801/6-4)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdue, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 801/6-4)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 801/6-4)

* Vidange fosse septique, fosse perdue & puisard...
Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (B-BA803/20-3)

Ampanotokana

# Mpivarotra omby nandeha môtô voatafika, lasa ny vola 7 tapitrisa ariary

*Tena voadaroka mafy mantsy izy ka torana tsy nahatsiaro tena.*

Lehilahy iray mpivarotra omby no lasibatry ny fanafihana mitam-piadiana tany Antanetilava, ao anatin'ny kaominina Ampanotokana, ao anatin'ny distrikan' Ambohidratrimo, ny zoma lasa teo tokony ho tamin'ny 7 ora sy sasany hariva. Teny am-pandehanana môtô ralehilahy no niharan'ny asa ratsy ka lasa tamin'izany ny vola mitentina 7 tapitrisa ariary sy sakaosy ary finday iray. Nandeha môtô ity lehilahy ity mba hanatitra azy any Mahaimandry, toerana handeha hatoriany tamin'io fotoana io. Rehefa teny andalana anefa dia najanon'ilay nitondra azy ilay môtô ary voalaza fa nila vaniny ary nanangana ady tamin'ity lehilahy nentiny ity izy. Asa na paikady nentin'ilay olondratsy mba handrobana azy no nanaovany izany fihetsika izany. Fa dia raikitra tokoa ny ady teo amin'ny roa tonta ary tsy vitan'ny fifamaliana ambava izany fa niafara tamin'ny fikasihan-tanana mihitsy. Dia nifampitolona teo izy roa lahy ka voamafy ilay mpivarotra omby. Tena voadaroka mafy mantsy izy ka torana tsy nahatsiaro tena. Dia mety tamin'izany no nanararaotan' ny olon-dratsy nakana ny vola sy izay zavatra tiany nalaina tany aminy.

**Nahazo fitsaboana**

Izy nitsirara tsy nahatsiaro tena teo no nisy mpandalo nahita ka nanampy azy. Naratra izy ka nentina namonjy tobim-pahasalamana ary efa nahazo fitsaboana. Araka ny fanazavana dia avy nivarotra omby tao amin'ny tsenan'omby tany Ampanotokana ity lehilahy ity izao niharan'ny asan-jiolahy izao rehefa izy handeha hamonjy ny toerana hatoriany iny. Fantatra fa avy any Besakay any anatin'ny distrikan'Ambatomainty izy. Ity voatafika ity ihany no nampandre ny mikasika ny nanjo azy tany amin'ny mpitandro filaminana tamin'io alina io ka rehefa nandre mikasika ny zava-niseho ny zandary dia nidina nanao fizahana ifotony. Nandeha avy hatrany ihany koa ny fikarohana ilay voarohirohy ka efa fantatra izy ary nosamborina. Nentina nankany amin'ny biraon'ny zandary ny tenany taorian' izay ary natao andrimaso tany. Mitohy ny famotorana.

T.H

Ambohidratrimo

# Lehilahy nitsirara teny amoron-dalana, nahitana ratra ny vatany

Lehilahy tokony ho 20 taona no hita nitsirara teny amoron-dalana teny amin'ny lalam-pirenena fahefatra afakomaly tokony ho tamin'ny 8 ora alina. Tsy nahatsiaro tena izy tamin'ny fotoana nahitan'ny olona azy ary nahitana ratra ny vatany teo amin'ny tratrany sy ny handriny. Nitangorona ny olona teny an-toerana nahita ity lehilahy ity ary niantso mpitandro filaminana avy hatrany. Raha vao naheno izany ny zandary dia nandeha nankany amin'ilay toerana nijery ifotony ny zava-nitranga. Ary nandray andraikitra nandefa azy nankany amin'ny hopitaly.

**Efa maty**

Rehefa tonga teny amin'ity farany anefa dia fantatra fa efa tsy nitempo intsony ny fon'ilay lehilahy fa efa maty izy. Nalefa tao amin'ny tranom-paty ny razana taorian'izay. Efa tonga teny an-toerana ihany koa ny fianakavian'ny maty raha vao nahafantatra ny zava-niseho. Fantatra fa mipetraka any Andakana, fokontany Ankazo Andriampanianana, kaominina Anosiala, eny Ambohidratrimo, ity lehilahy maty ity. Natao "autopsie" ilay razana mba hahafantarana ny antony nahatonga ny fahafatesan-dralehilahy. Efa misokatra ihany koa ny famotorana ataon'ny mpitandro filaminana mikasika ity raharaha ity. Heverina ho maty nisy namono mantsy ny tenany ka efa mikaroka ny nahavanon-doza ny zandary amin'izao fotoana izao.

T.H

Itaosy sy Anjanamasina

# Olona fito mpivarotra sy mpividy rongony voasambotra

Vehivavy iray sy lehilahy iray no tratra nivarotra rongony teny Itaosy sy Anjanamasina ary lehilahy dimy hafa kosa sarona nividy izany zava-mahadomelina izany. Vehivavy iray 28 taona no tratra nivarotra rongony teny Ambaniala Itaosy ny 7 aprily lasa teo. Nandritra ny hetsika sarika nataon'ny teo anivon'ny polisim-pirenena no nahatratrarana an-dravehivavy. Tamin'ny fotoana nanaovan'ireo mpitandro filaminana fisafoana teny an-toerana mantsy no nahafantaran'izy ireo ny fisiana vehivavy iray mivarotra zava-mahadomelina. Teo anatrehan'izany dia nanaramaso avy hatrany ny polisy ka dia tra-tehaka nivarotra rongony tokoa io vehivavy io ary nosamborina avy hatrany. Nisy ny fisavana nataon'ny polisy tamin'io fotoana io ka mbola tratra tao aminy ny rongony 37 fonosana lehibe sy telo



**Ilay vehivavy voasambotra teny Itaosy sy ireo rongony tratra tao aminy.**

sachets. Araka ny fanazavana dia ity vehivavy ity no mamatsy zava-mahamahadomelina eny amin'iny toerana iny. Nentina natao famotorana tany amin'ny biraon'ny polisy ravehivavy taorian'ny fisamborana azy. Ary rehefa vita ny fakana ambavany any amin'ny polisy dia hatolotra ny fampanoavana ny raharaha.

**Nafindrany**

Fa mikasika izay resaka rongony izay ihany dia mpivarotra rongony sy lehilahy dimy hafa mpividy zava-mahadomelina ihany koa no voasambotry ny zandary teny Anjanamasina ny faramparan'ny herinandro teo. Raha vao naheno loharanom-baovao mikasika ny fisian'ny mpivarotra rongony teny an-toerana ireo mpitandro filaminana ireo dia nidina ifotony sy nametraka velapandrika avy hatrany. Olona iray no mody nasaina nividy rongony tao aminy ka nahazo tokoa. Rehefa avy eo dia mora foana ny nisamborana an-dralehilahy. Fa vantany vao tonga tany amin'ilay toerana ny zandary dia efa nafindran'ity farany toerana ireo rongony namidiny. Nojerena avy eo ilay trano sy ny manodidina ka nahitana taratasy famonosana rongony tany. Fa nandritra ny fotoana nanaovana ny fisavana trano no nisy dimy lahy tonga tsirairay nikasa hividy rongony tao amin'ity mpivarotra rongony ity. Natao famotorana savaranonando izy ireo ka niaiky fa hividy rongony avokoa. Nosamborina izy ireo ary nentina nankany amin'ny tobim-paritry ny zandary natao andrimaso sy natao famotorana teny.

T.H

Merimandroso

# Tovovavy 17 taona nisy nanolana, karohina ilay voarohirohy

Ankizivavy 17 taona no nisy nanolana ny alarobia lasa teo tokony ho tamin'ny 3 ora tolakandro tany Anovorano, any Merimandroso. Lasa nitsoaka ilay voarohirohy ho nahavanona izany ka mbola karohin'ny mpitandro filaminana amin'izao fotoana izao. Araka ny fanazavana azo dia mety niray tetika tamin'ny ankizivavy izay naman'ity niharam-boina ity ihany ilay lehilahy nahavanon-doza. Tamin'io fotoana io mantsy dia mody notenenin'ilay ankizivavy namany ity zazavavy ity fa handeha haka kitay izy ireo. Nony tonga tany anaty ala anefa dia mody niala io vehivavy io. Dia efa nisy lehilahy niandry ihany koa nandritra izany ka avy dia nanatona ilay zazavavy ary nanala ny fitafiany ambany dia nanampatra ny filan-dratsy taminy teo. Nandritra izany dia sady notampenan-dralehilahy ihany ny vavany mba tsy ho afaka hiantso vonjy hikiakiaka. Asa na mety miandry any ambadika any ihany ilay ankizivavy namany izay niray tsikombakomba tamindralehilahy fa nony kelikely dia mody nisioka izy ka tamin'izay ihany koa dia lasa nandeha nandositra ralehilahy ary tsy hita hatramin'izao io. Tonga nametraka fitoriana tany amin'ny zandary ny fianakavian'ilay voaolana ny zoma lasa teo rehefa nahafantatra ny zava- nitranga.

T.H

MANAL'AZY DE MI'MEME



Anjozorobe

# Tovolahy tratra nangalatra saika nalevin'ny olona velona

*Nisy tamin'ireo olona nanatrika ny fandevenana no niaro azy ka nanavotra ny ainy.*

Fitsaràm-bahoaka tamin'ny fomba hafa indray ity saika hampiharin'ny fokonolona tamin'ity tovolahy iray tratra nangalatra ity. Saika halevin' ny olona velona mantsy izy ka soa ihany fa mba nisy tamin'ireo olona nanatrika no tonga saina ka niaro sy nanakana ireo fokonolona. Tao amin'ny fokontany Ambero, kaominina Mangamila, distrikan'Anjozorobe, no nitrangan'izany ny faran'ny herinandro teo. Araka ny fanazavàna azo dia nangalatra vary milanja folo kilao teo ho eo tao amin'ny tokantrano iray tao an-toerana izy. Nipetraka tamin'ny kitapo teo an-davarangana ilay vary ka tonga dia nobatainy. Nisy nahatsikaritra anefa izany ka raikitra ny antso vonjy teo an-tanàna. Taitra ny tompon-trano raha nahita izany. Vetivety ihany koa dia vory ny fokonolona teo an-tanàna. Nosamborina avy hatrany ilay tovolahy ary dia io saika hataon'ny olona fitsaràm-bahoaka io tamin' ny alalan'ny fandevenana azy velona. Efa nanaovan'ny olona lavaka mihitsy ary nototofana tany avy eo ambony. Soa ihany anefa fa mba nisy niaro izy ka avotra soa aman-tsara ihany ny ainy.



Efa nihosom-bovoka ilay tovolahy !

**Nifanaraka**

Rehefa nofotoran'ny olona izy dia nilaza fa tsy nanankarotsaka intsony izy sy ny reniny ka izay no nahatonga azy nangalatra. Tsy vitan'izany fa mbola ananan'olona trosa vidin'entana tany amin'ny tsenakely ihany izy ireo ary efa mitaky foana ny tompombola. Noho izany rehetra izany no nampitatra ny sainy, satria tsy mety manome trosa azy ireo intsony ilay mpivarotra raha tsy voaefa ny vola teo aloha, dia io no hevitra hitany hihinanankanina, kanjo izao tratra izao ary saika nanaraka hatramin' ny ainy. Teo anatrehan'izany dia nifanaraka tamin'ilay mpivarotra ananany trosa ry zareo fa tsy maintsy manefa ny volany, izay mitentina efatra alina Ariary ary naverina amin'ny tompony ihany koa ilay vary nangalariny.

**R.C**

Toamasina

# Miverina ny asan-jiolahy mitam-piadiana

Anisan'ny faritra mafana amin'ny asan-jiolahy sy fanendahana mitam-piadiana ny ao Toamasina, renivohitry ny faritra Atsinanana. Efa somary lefilefy izany tao ho ao ary niverina nanao ny ataony indray ireo olon-dratsy. Vao ny zoma alina teo izao dia nisy tranga fanafihana mitam-piadiana teo akaikin' ny « *Rond Point Frip Zone Cité Duple* » PLLE 32/12. Mpianaka nandeha moto « cygnus » no notafihin'ny jiolahy roalahy. Nandeha antongotra ireo olon-dratsy ireo no nitifitra azy mianaka. Somary tery moa ny lalana ry maizina ny andro ka nanara-raotra izany rehetra izany izy ireo.

Voatifitra teo ambony tratrany ilay renim-pianakaviana. Naratra mafy moa izy sady voan'ny bala no mbola nianjera ihany koa avy eo ambon'ilay kodiaran-droa. Tao anatin'izany no lasan' ireo jiolahy ny moto voalaza etsy ambony. Ilay renimpianakaviana kosa avotra ihany, satria mba nahazo fitsaboana haingana tao amin'ny hopitaly be Toamasina. Rehefa nandre izany ny zandary sy ny polisim-pirenena Toamasina dia tonga teny amin'ny hopitaly nanao fanadihadiana. Nilaza ny mpitsabo fa efa tafavoaka tao amin'ilay ramatoa ilay bala ary tsy hita ny nisy azy, izany hoe tsy fantatra ny mikasika ilay bala nampiasain'ireo jiolahy. Araka ny voalazan'ny niharam-boina dia basy poleta kely no nampiasain'ireo jiolahy .



Hita eto amin'ny sary ilay mpampianatra lasibatry ny famonoana.

**Vahaolana**

Ankoatra izay koa, ny zoma tokony tamin'ny 11 ora alina dia mpampianatra iray ao amin'ny CEG Mangarano sy ny vadiny ihany koa no niharan'ny fanafihana. Teo amin'ny tetezana alohan'ny hiditra Antetezantona izy ireo no nifanena tamin'ny jiolahy miisa telo. Tsy nisy resaka fa tonga dia notsatohan'izy ireo tamin'ny antsy ilay ramose. Lasan'ireo tsy mataho-tody ihany koa ny findainy. Indrisy moa fa na dia noezahina nentina tany amin'ny mpitsabo dia tsy tana ihany ny ain'ilay mpampianatra voatsatoka antsy. Ireo rehetra ireo no hilazana fa miverina indray ny tsy fandriam-pahalemana ao Toamasina ao.

**Deyland**

Toliara

# Jiolahy nanafika tany ampiangonana, norahonany basy ilay pasitera




Ilay voasambotra.


Raikitra ny fanenjehana ilay jiolahy nanafika fiangonana tany Toliara afakomaly. Ny fokonolona sy ny polisin'ny Fip no nifarimbona nanenjika an-dralehilahy ka tsy lasa lavitra ny toerana nanaovany ny asa ratsiny ihany dia tra-tehaka izy. Anisan'ny tratra tany aminy nandritra ny fisamborana azy ny basy sy bala roa nampiasainy nandritra ny asa ratsiny. Tsy mifidy toerana hanatanterahana ny asa ratsiny intsony tokoa ny jiolahy amin'izao fotoana izao. Hatrany ampiangonana no hanaovana fanafihana tahaka ity niseho tany Tsianaloka any Toliara ity. Fiangonana iray tany an-toerana mantsy no nataon'ny lehilahy iray lasibatra amin'ny andro antoandro be nanahary. Vantany vao tonga avy any izy dia nankany amin'ilay trano fiangonana.

*Hatairana ny an'ny iray fiangonana teo anatrehan'izany ka niantso vonjy.*

**Niantso vonjy**

Tsy nisalasala mihitsy fa avy hatrany dia niditra an-keriny tao anatiny tao. Tao avokoa ireo mpiangona sy pasitera tamin'io. Nanatona ilay pasitera ralehilahy ary tonga dia namoaka basy sy nandrahona izany taminy. Hatairana ny an'ny iray fiangonana teo anatrehan'izany ka niantso vonjy ireo olona tonga nivavaka tao ireo. Dia lasa nirifatra nitsoaka ilay jiolahy avy eo. Nirohotra nanenjika ny olondratsy ny fokonolona nanoloana izany. Efa nisy nampandre ihany koa ny mpitandro filaminana ka nanampy tamin'ny fanenjehana ity jiolahy ity ny polisin'ny Fip. Ka io tratra tany Tsianaloka io ihany ity jiolahy ity. Dia nandritra ny fisavana azy no mbola tratra tany aminy fitaovana maromaro tany aminy. Efa nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy ilay lehilahy ary notanana tany sy natao famotorana. Rehefa vita ny fakana am-bavany azy eo anivon'ny mpitandro filaminana dia hoentina eo anivon'ny fampanoavana any an-toerana ny raharaha.

**T.H**



Ireo fitaovana tratra tany amin-dralehilahy.

Fifidianana solombavambahoaka

# Kandida 519 nametraka taratasy firotsahan-kofidiana, 45 nahintsana

*Nihena ireo kandida ho solombavambahoaka tamin'ity fifidianana hatao amin'ny 29 may ity raha oharina ny tamin'ny 2019.*

Tsy arakaraka ny fisehosehoan'ireo mpanao politika milaza ho tsy mena-maso mitondra ny feom-bahoaka ny isan'ireo sahy nirotsaka ho mpifaninana amin'ny hazakazaka ho eny Tsimbazaza tamin'ity indray mitoraka ity. Miainga amin'ny antontan'isa navoakan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny fifidianana mantsy dia nihena ny isan'ireo mpanao politika nametraka taratasy filatsahan-kofidiana handray anjara amin'izany fifidianana solombavambahoaka izany. Raha maherin' ny 800 ireo kandida avy amin'ny ferehana samy hafa naneho fahasahiana nandray anjara tamin'io hazakazana ho eny amin'ny Andrimpanjakana mpanao lalàna eny Tsimbazaza io tamin'ny 2019 dia tsy nisy afa-tsy 519 izany amin'izao ankehitriny izao. Tsy vitan'izay, fa mbola nisy kandida 45 tamin'ireo nametraka taratasy firotsahan-



Kandida 474 no hiatrika ny hazakazaka ho eny Tsimbazaza !

kofidiana no tsy nahafeno ireo antontan-taratasy ilaina ka voatery nahintsan'ireo tomponandraikitra mpikirakira ny fandraisana ny dosie, miainga eny amin'ny OVEC ka hatreny amin'ny CENI. Raha ny fanazavana avy eny amin'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny fifidianana, antony nanintsanana ny ankamaroan'ireo nieritreritra ny ho mpifanainana ireo ny tsy fandoavana ilay ny anto-bola 20 tapitrisa Ar takiana amin'ny kandida isanisany avy.

**Tompon'ny teny farany**

Na izany na tsy izany, tsy vitsy ireo mahatsikaritra fa kandida tsy manohana ny mpitondra, izany hoe avy amin'ny Vovonana Firaisankina sy AREMA ary tsy miankina no maro voakasika sy nahintsan' ny tomponandraikitra tsy ho isan'ny mpifaninana. Ao anatin'izany rehetra izany, tsetsatsetsa tsy aritra no ilazana ao anatin'izany fa tsy hanana kandida manerana ny distrika 120, araka ny noeritreretiny ry zareo eo anivon' Vovonana Firaisankina, ivondronan'ny TIM, HVM, Tsara Tahafina, Antoko Politika Madio ary Pro-Siteny. Etsy andanin'izany, neken'ny CENI ho kandida kosa ry Rafidimanana Narson sy ry Rahasimanana Paul Bert, izay nanana olana tamin'ny antontan-taratasy ka tsy neken'ny OVEC ny dosie firotsahan-kofidian'izy ireo. Marihina fa tompon'ny teny farany amin'izay ho kandida solombavambahoaka ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana ka andrasana raha hihampy na hihena ireo kandida nahintsan'ny OVEC sy ny CENI ireo. Mety hihena mantsy izany raha toa ka nampakatra teny anivon'io Andrimpanjakana eny Ambohidahy io ireo nieritreritra ho kandida nahintsana ireo.

**Mamy R.**

## Marina izany !

### Takalon'aina !

**Vao tamin'ny herinandro lasa teo iny no nitrangana fanafihana indray tao amin'ny tanàna iray ao anatin'ny distrikan'Anjozorobe iny. Ankoatra ny fandrobana sy ny olona maty dia nisy koa ireo nentin'ireo jiolahy nitsoaka nataony takalon'aina. Efa miverimberina matetika loatra ity fanafihana miampy fakana olona atao takalon'aina ity. Ny distrikan'Anjozorobe sy Tsaratanàna ary Amparafavola no lasibatra matetika amin'izany fanafihana arahina fakana takalon'aina izany. Mifanakaiky sy miray sisintsany rahateo ireo distrika ireo. Mila ho lasa tranga mahazatra amin'izao ny fanafihana arahina fanaovana takalon'aina olona ity, izay endrika tsifandriampahalemana misy eto amin'ny firenena tsy mbola nahitana vahaolana maharitra hatramin'izao. Ankilan'izay, misy zavatra hafa koa toa tsy dia hitan'ny olona na hadino. Misy olana goavana eto amin'ny firenena, izay ilàna anaovana fanairana. Natao takalon'aina koa ny raharaha ara-toe-karena eto amin'ny firenena efa an-taonany maromaro izao. Tsy inona na iza akory no manao azy ho takalon'aina fa ny raharaha pôlitika sy ny mpanao pôlitika. Variana loatra amin'ny pôlitika ny Malagasy na noveriverezina (sa norebirebena) tamin'ny resaka na olana pôlitika hany ka takona na tsy dia nomena sehatra loatra ny lafiny ara-toekarena. Tsy nitondra famahana ny olana ara-toekarena sy ny fahantrana akory ireo adihevitra pôlitika na karazana hetsika pôlitika nisy teto. Ny hahazoana fahefana no nahamay sy nihazakazahan'ny mpanao pôlitika. Hita izany tao anatin' iny vanimpotoana fifidianana filohan'ny repoblika natao tamin'ny taon-dasa iny. Tamin'ny fifidianana filohan'ny repoblika ny taona 2018 anefa dia nisy ny fihaonana sy adihevitra manokana nifanaovan'ireo kandidà tamin'ireo mpandraharaha sy mpisehatra eo amin'ny lafiny toekarena. Amin'izao fotoana izao dia efa misy indray ny fihaonana sy fifanatonana eo amin'ny fitondrana sy ny sehatra tsy miankina, izay notanterahina teny amin'ny Lapam-panjakana ary niarahan'ny filohan'ny repoblika sy ireo mpandraharaha. Anisan'ny voalaza tao anatin'izany fa hoezahina hatao matetika (na isaky ny roa volana mihitsy) ny fihaonana sy ny dinika tahaka izao. Ho hita eo indray izay ho fahatanterahan'izany mba tsy ho sanatria hijanona ho resaka fotsiny tahaka ireo zavatra hafa efa niseho tany aloha ihany.**

**Lucien Raharison**

Marc Ravalomanana

# "Dingana hakantsika ny fahefana indray ny fahazoana maro an'isa eny Tsimbazaza"

Mazava ny karatra ! 25 andro mialoha ny daty nofaritan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana hanombohan'ny fampielezan-kevitra amin'ny fifidianana solombavambahoaka, tsikaritra ho mitady ny fomba rehetra hampandaniana ireo kandidany sy hahazoany maro an'isa eny Tsimbazaza ny avy amin'ny fianakaviamben'ny mpanohitra. Tamin'ny sabotsy teo izao, nihaona tamin'ireo mpanohana azy ao amin'ny distrikan'Atsimondrano ny Filoha teo aloha Marc Ravalomanana ka nandritra izany no nanamafisany ireo toromarika ho an'ireo mpikambana eo anivon'ny antoko Tiako I Madagasikara (TIM) manoloana io hazakazaka ho eny Tsimbazaza io sy ny antony niarahany tamin' ny Vovonana Politika Firaintsankina fa tsy nan-



Marc Ravalomanana sy ireo kandidan'ny Firaisankina eny Antsimondrano amin'ny fifidianana depiote.

deha irery. « *Ny firaisankina no ahafahana mampivondrona ny herin'ireo antoko rehetra mba hoentina manohitra ny fitondrana sy hirosoana any amin'ny tanjona napetraka hatramin'izay, dia ny fiadiana amin'ny fahantrana sy ny fangalana ny fahefana. Tanjona ny haka ny maro an'isa ao amin'ny Antenimierampirenena satria dia dingana lehibe hirosoana any amin'ny fangalana indray ny fahefana mba ahafahana mampihatra ny programan'antoko izany* », hoy io Filohan'ny antoko TIM io tamin'izany.

**Tantely afa-drakotra**

Mifanindran-dalana amin' izany, nitodika manokana tamin'ireo kandida hitondra ny fanevan'ny Firaisankina manerana ny Nosy sy ireo olon'ny TIM eny ifotony ny tenany ka tamin'izany no nilazany fa tsy manana zo tsy ho lany izy ireo, satria miankina amin'izy ny ho avin'ny Malagasy sy ny fandresen'ny tolona natomboka talohan' ireny fifidianana filohampirenena ireny. « *Miaina tanteraka ao anaty fahasahiranana ny vahoaka, mitombo ny tahan'ny fahantrana sy tsy fandria-mpahalemana, tsy tomombana ny fampianarana, mitombo ny very asa sy tsy an'asa, tsy misy jiro sy rano, atao tantely afa-drakotra ny harem-pirenena, mitombo ny kolikoly sy ny halatra bevava. Noho izany, miandry antsika ny vahoaka ka tokony hanao ny ezaka rehetra isika mpitarika sy mpikambana any amin'ny fototra mba hiray hina sy hanao izay hampandany ny kandidàn'ny TIM na Firaisankina. Miandry antsika izy ireo hanarina ity firenena ity* », hoy hatrany Ing. Marc Ravalomanana tamin'izany.

**Andrimaso**

Farany, nanamarika ny hetsika tamin'ny sabotsy teo ihany koa ny fanomezan'ny Filoha mpiara-mitantana ny vovonana Firaisankina, Marc Ravalomanana, ny toromarika vaovao iatrehana ny fifidianana solombavambahoaka amin'ny 29 may 2024. Isan'izany ny fananganana ny sampan'ny Firaisankina isaky ny distrika ; ny fifantenana ireo ho solontenan'ny Firaisankina eny amin' ny CENI ; ny fananganana andrimaso hiaro ny safidimbahoaka mialoha, mandritra ary aorian'ny fifidianana ary ny fitetezam-paritra iarahan' ireo filoha mpiara-mitantana sy ny kandida natolotra isaky ny distrika misy azy ireo.

**Mamy R.**

Fifidianana solombavambahoaka any Fianarantsoa

# Tsy nipetraka mialoha ny fandaminana, hany ka nisy kandida nisintona ny dosieny

*Mbola hisy ve ny fihaonana handravonana ny disadisa madinika na ny fahadisoam-panantenana.*

Toy ny nateti-pitranga teo amin'ny antoko sy vovonana samihafa, nandritra ny fifantenana ny kandidà hatolotra ho solombavambahoaka dia nanjaka ny tsy fitovizan-kevitra teo amn'ny samy mpikambana. Samy voakasik'izany na ny antoko mpanohana ny fitondrana na ny an'ny mpanohitra. Mikasika ny any Fianarantsoa manokana dia tsikaritry ny ekipa ho tsy nipetraka mialoha ny fandaminana ny amin'izay kandidà hatolotry ny vovonana manohana ny mpitondra. Hany ka tsy mahagaga, hoy ny ekipa, raha nisy tsy maintsy nisintona ny taratasy filatsahankofidiany na dia efa tafapetraka ara-potoana sy feno aza, teny anivon'ny sampandraharaha mandray sy manara-maso ny dosien'ny mpilatsaka hofidiana. Araka ny loharanom-baovao etsy ambony dia nisy ny kandidà efa niomana nandritra ny fotoana lava ary nanantena hahazo fankatoavana, saingy tsy izany no nitranga taty aoriana fa hafa ny baiko nidina. Ny fanontaniana mipetraka dia ny hoe: mbola hisy ve ny fihaonana handravonana ny disadisa madinika na ny fahadisoam-panantenana ka tsy hampipatitaka ny vato ka ahiana hahazoan'ny kandidàn'ny mpanohitra tombony ? Raha mbola tsy ahazoam-baliny io fanontaniana io, iray volana sy tapany eo ho eo mialoha ny fifidianana, ny any amin'ny distrikan'Isandra kosa dia efa mazava ny nambaran'ny mpanohana ny mpitondra. Nivantana mantsy no nilazan' ny olomboafidy iray fa manohana ny fandaharan'asan'ny filoham-pirenena ny tenany, saingy tsy handany kosa ny kandidà natolotry ny vovonana manohana ny mpitondra any amin'iny distrika iny. Ny antony, araka ny loharanom-baovao avy any antoerana, dia kandidà hafa no nahazo ny fankatoavan'ny mpanapa-kevitra, any Isandra. Andrasana izay ho fivoaran'ny zava-misy.

**V.R.**

Distrikan'i Kandreho

# Laharam-pahamehana ny fandriampahalemana, hoy ny jeneraly Alfred Rakotomaronirina

Isan'ny fototry ny fahantrana mampalaina ny olona hiasa indrindra ireo olona tokony hamboly sy hiompy any ambanivohitra ny resaka tsy fandriampahalemana. Ny fanamafisana an'io fandriampahalemana io no tena laharam-pahamehana amin' ny fampandrosoana eto amintsika, hoy ny manamboninahitra misotro ronono, ny jeneraly Alfred Rakotomaronirina. Nosoritany manokana amin'izany ny tany niaviany, any amin'ny distrikan'i Kandreho izay mbola mafampana amin'ny asan-dahalo. Isan'ny fototry ny RSS na ny « Reforme du Secteur de la Sécurité ». Mila miara-miasa akaiky amin'ny vahoaka ny miaramila, hoy izy. Isan'ny Ankoatra izay, mila fehezina ny resaka fitrandrahana ankibon'ny tany ka mba afaka hiasa sy hisitraka ny tombontsoa avy amin'izany ny vahoaka. Raha izay no tanteraka dia ho rava ho azy ny asan-dahalo satria tsy hisy hangalatra intsony rehefa samy miasa daholo ny olona. Nantsoin'ny vahoakan'i Kandraho, ny fahitana ireo olana tokony vahana ireo indrindra no nisarika an'ity manamboninahitra jeneraly ity hirotsaka ho kandidà solombavambahoaka any any amin'ny distrikan'i Kandreho. « *Amin'ny maha Miaramiala ny tenako dia tsy fanaonay ny mivadibelirano amin'ny Raiamandreny. Olona vonona sy vanona no tokony hamolavola lalàna hoentina mampandroso ny Distrikan'i Kandreho* », hoy izy.



**Isan'ireo kandidà hifaninana amin'ny hazakazaka eny Tsimbazaza ny Jeneraly Alfred Rakotomaronirina, eo afovoan'ny sary. (Tahirin-tsary)**

**Tsy ho toloram-potsiny**

Fa ankoatra izay, napetrany ho tanjona ihany koa ny hanazatra ny mponina hiasa, fa tsy ho zatra mangataka na hotolora-potsiny eny foana. « *Raha hangataka aty amiko, angady hiasana no omeko fa tsy vary. Raha hangataka trondro, harato sy fitana no omeko fa tsy trondro.* », hoy izy ka rehefa izay no tanteraka dia tokony handroso i Madagasikara. Na izany aza, dia nantitranteriny fa tsy ny fifidianana Depiote no mahasakana azy amin'ny asa sosialy efa fanaony hatramin'izay. Raha tsiahivina, vao iray volana mahery izay no nanolotra lakamby, traktera, nentina nanampiana ny mponina manoloana ny fiakaran'ny rano sy ny fahatapahan'ny lalana vokatry ny rano miakatra tany Kandreho ny jeneraly Alfred. Teo ihany koa ny fizarana jiro mandeha amin'ny masoandro hanazava ny tanàna. Na lany na tsy lany amin'ny fifidianana, mitohy hatrany ny asa fanasoavana ny tany nihaviana, hoy izy.

**Niry R.**

Depiote Todisoa Andriamampandry

# Nanamboatra làlana an-jatony metatra teny Ambodivona-Ambohimanandray



**Nirotsaka an-tsehatra nanampy tamin'ny fanamboarana ny depiote Todisoa.**

Taorian'ny teny Ambaravarankazo sy Ambodihady dia nisitraka ilay tetikasa fanamboaran-dàlana mitsinjo ny vahoaka avy amin'ny depiote Todisoa Andriamampandry ireo mponina eny Ambodivona-Ambohimanandray eny Ambohimanarina. Araka izany, nahavita làlana an-jatony metatra tao amin'ireo fokontany ireo io olomboafidy Tiako I Madagasikara teny amin'ny boriborintany faha-6 io ka nidina ifotony nijery izany ny tenany tamin'ny faran'ny herinandro teo. Dia noporofoiny tamin'izany indray fa olon'ny fiarahamonina sady tia manampy ny hafa araka ny teny filamatra ampihariny eo amin'ny fiainana momba ny hoe: "Ny firaisankina no hery ary tsy misy manana ny ampy fa sambatra izay mifanampy" ny depiote Todisoa. Nanamarika ny tenany fa na dia tsy asan'ny solombavambahoaka aza ny manao fotodrafitrasa tahaka izao dia tsy hainy, amin'ny maha olom-pirenena azy, ny hitazam-potsiny ny fahasahiranam-bahoaka noho ny haratsian'ny làlana teo amin'izany toerana izany, indrindra rehefa fahavaratra ka nandraisany andraikitra avy hatrany. Nandritra io fidinana ifotony nataony io, sady niangavy ny vahoaka mba hikojakoja izao fotodrafitrasa vao namboarina izao ny depiote Todisoa no nampanantena fa tsy ho diso anjara amin'izao fotodrafitrasa izao ny fokontany hafa. "*Maro ny asa vita fa mbola maro ihany koa no hiarahantsika manantanteraka*", hoy io olomboafidy io tamin'izany.

**Mamy R.**


TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

### Kaominina Antananarivo Renivohitra

# "Mbola mitoetra sy manan-kery ilay naoty fitakiana haban-tsena"

*Efa namoaka didy mampiato ny fitakiana mivantana ny haban-tsena ny Fitsarana.*




**Maro ireo raharaha manahirana ny kaominina Antananarivo Renivohitra.**

Mihenjan-droa ny tady. *"Mbola ny kaominina Antananarivo Renivohitra tanteraka no mitaky ny haban-tsena mandra-pahavoaray ny didim-pitsarana mampiato izany. Hamafisina etoana fa mbola manan-kery ary mbola mitoetra eto amin'ny tsenan' nytanànan'Antananarivo ilay naoty mandra-pahavoaray ny didy raikitra lazain'ny lalàna mahakasika io naoty io."*, hoy ny ampahany tamin'ny fanambarana nataon'ny teo anivon'ny kaominina Antananarivo Renivohitra tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo. Milaza ny hanao fanambarana mikasika ity raharaha ity koa ny sendikan' ny mpiasan'ny kaominina sy ny solontenan'ny mpivarotra amin'ity anio alatsinainy ity. Tsiahivina fa ny delegasiônina manokan'ny tanànan' Antananarivo, tarihin'ny filohany Ramanambitana Richard, no namoaka ny naoty milaza fa miverina amin'ny kaominina ny fitakiana mivantana ny haban-tsena. Najanona avy hatrany araka izany ny fampiasan'ireo mpivarotra ilay karatra nomerika fandoavan'izy ireo haban-tsena teo aloha, izay tetikasan'ny mpitantana ny kaominina Antananarivo Renivohitra teo aloha niaraka tamin'ny orinasa mpiara-miombona antoka aminy.

**Manohitra**

Fotoana fohy taorian'ny nitantanan'ny kaominina mivantana ny haban-tsena dia nisy ny fanambarana nataon'ny mpanolotsaina monisipaly iray sy ny solontenan'ny mpivarotra fa tsy mety amin'izy ireo ity fomba fiasa ity fa aleo miverina amin'ilay karatra nomerika ihany. Tsy nijanona teo anefa ny raharaha fa nakarin'ny mpanolotsaina monisipaly roa teny anivon'ny Fitsarana misahana ny ady amin'ny fanjakana tamin'ny 11 aprily lasa teo. Nivoaka tamin'ny zoma lasa teo anefa ny didim-pitsarana mampiato ny fitakiana mivantana ny haban-tsena ataon'ny kaominina amin'ny mpivarotra, ary nanambara ireo mpanolotsaina fa tokony hiato avy hatrany io asa ataon'ny kaominina io. Namaly anefa ny kaominina fa mbola manana telo andro ny Fitsarana hampahafantarana ny didy, ka namafisany fa miandry ny fampahafantarana io didy io vao miato ny fampiharana ilay naoty. Eo anatrehan'izany, milaza ny eo anivon'ny kaominina fa ny fitakiana mivantana ny haban-tsena no nahafahana namatsy vola ny fandoavana ny karaman'ny mpiasa andaniny, sy ny fanesorana ny fakon'Antananarivo ankilany.

**R. Muray**

### Andro iraisam-pirenena fanafoanana ny fako

# Namakivaky ny tanànan'i Mahajanga ny diabe, nahatratra 1Km ny filaharana

Sambany no nisy fanamarihana nasionaly ny andro maneran-tany ho fanafoanana ny fako teo amintsika. Tamin'ny sabotsy 13 avrily lasa teo no nanatanterahana izany tao amin'ny renivohitry ny faritra Boeny noho ny tanànan'i Mahajanga voasokajy ho madio indrindra manerana an'i Madagasikara. Namakivaky ny tanàna nanomboka teo amin'ny Lapan'ny tanàna Mahajanga ny diaben'ny fanafoanana ny fako ka hatrany amin'ny torapasik'i Mahajanga. Nandray anjara avokoa ireo hery velona tao an-toerana, ka lava dia lava ny filaharana, nahatratra 1Km mahery mihitsy. Tonga nitarika ny hetsika tany an-toerana ny Minisitry ny rano sy ny fanadiovana ary ny fidiovana, Ravokatra Fidiniavo. Nanotrona azy tamin'io fotoana io ny loholon'i Madagasikara, Tiandaza Dinaraly Odilon ; ny solombavambahoaka voafidy tao amin'ny distrikan'i Soalala, Said Zakaniaina Mahafaly Joseph ; ny Governoran'ny faritra Boeny, Mokhtar Andriantomanga ; ny filohan'ny Delagasiônina manokan'ny kaominina Mahajanga, Velomary Zafiarinefo Tonganirina ; ary ireo tomponandraiki-panjakana isan-tokony ao an-toerana sy ny solontena avy amin'ny Minisiteran'ny Tontolo iainana. *"Andraikitry ny tsirairay ny fitantanana ny fakony"*, io no lohahevitry ny fankalazana amin'ity taona ity. Nohararaotin'ny Minisitra Ravokatra Fidiniavo ny nizara ny fitsipika 5M (Mandà, Mampihena, Mamerina mampiasa, Manodina, ary Mamerina ho an'ny tany) tamin'ireo mpandray anjara rehetra, izay fomba fiasa tsotra sady mahomby, ary fototry ny fomba fiaina maharitra sy mampihena be ny fanimbana ny tontolo iainana. Nanao fanentanana ho an'ny olona rehetra koa ny Minisitra mba hanao fiovam-pihetsika ifotony ho fanatsarana ny tonolo iainana sy ny fahasalamana ary ny fampitomboana harena.



**Nanakoako eran'ny tanànan'i Mahajanga ny hetsika fanamarihana.**

**R. Muray**

## Taratasy ho an-dRamala

### Taombaovao ...koa !

Any Ramala,

Sambatra mihitsy Ramala ny tanintsika ity. Fa nahoana moa ? Manao fety foana ! Telo volana sy tapany lasa talohan'izao dia efa nankalaza taombaovao isika. Fetibe sy korana narahina fihinanana sakafo miavaka araka ny fahafahan'ny tsirairay no natao tamin'izay. Saika ny olona rehetra no nankalaza azy io satria niraisana tamin-dry zareo any Andafy io taombaovao efa mahazatra io. Fa raha tadidinao dia vao tamin'iny volana lasa teo iny koa anie Ramala no nankalaza taombaovao faharoa isika é ! Nolazana moa fa ho antsika mpiray tanindrazana eto ihany no tompony sy mankalaza azy io fa tsy niraisana tamin-dry zareo any Andafy. Dia izao indray mbola misy taombaovao fahatelo migadona ankalazaina eto amin'ny tanintsika. Amin'ny lafiny iray dia tsy ratsy aloha ilay izy fa manao fety foana izany isika eto Ramala. Fa hono ho aho Ramala ? Fa tokony misy firy marina moa izany ny atao hoe taombaovao ao anatin'ny taona iray ? Tsetsatsetsa tsy aritra sady ho fampahatsiahivana anao Ramala fa misy koa ny atao hoe taombaovao sinoa, izay ankalazaina ny faramparany amin'ny volana voalohany amin'ny taona. Miankina amin'ny fomba fanisana andro sy volana ao anatin'ny taona iray no mahatonga ireo taombaovao samihafa ireo Ramala. Raha miainga amin'ireo taombaovao anankitelo samy ankalazaina eto amin'ny tanindrazantsika ireo dia tokony hoviana izany no hikaontina ny fanombohan'ny taona Ramala ? Dia iza amin'ireo no arahina sy tokony hampiharina ? Raha ny fahafantarana azy Ramala dia iray ihany no atao hoe taombaovao sinoa ankalazaina any amin'io firenena io na mankalaza ilay taombaovao iraisana eran'izao tontolo izao koa aza ry zareo. Ary sao dia izany kosa àry Ramala no tsy mety maha-raikitra ny taombaovao iraisana araka ny fomba nentin-drazana tokony hankalazaina eto amintsika, satria samy manana ny azy ? Izay koa angamba no mahasarotra sy tsy anaovan-dry zareo manampahefana any an-dapa any azy io ho andro tsy fiasana ? Ny faniriana Ramala dia mba hahita andro sy daty ifanarahana ireo mpandala ny fankalazana ny taombaovao araka ny fomba nentin-drazana eto amintsika. Efa somary lava izay fa aleo faranana eo aloha ny androany, amin'ny manaraka indray.

**Ragasy**

### Sehatry ny fitaterana - SITLM

# Nahazo vahana ny fifanakalozan-kevitra




**Nahaliana olona maro ny fanatanterahana ireo famelabelaran-kevitra niompana tamin'ny lohahevitra maro samihafa.**

Nifarana omaly ny hetsika fampirantiana iraisam-pirenena SITLM (Salon International Transports Logistique Manutention), andiany fahatelo. Ankoatra ny varotra fampirantiana momba ny fitaterana sy ny manodidina azy nandritra ny efatra andro teny amin'ny "Forello Expo" Tanjombato, dia nibahan-toerana ihany koa ny fifanakalozan-kevitra teo amin'ireo mpisehatra na avy amin'ny fanjakana na avy amin'ny sehatra tsy miankina na avy amin'ny sehatra iraisam-pirenena. Tamin'ny sabotsy, andro fahatelo nanatanterahana ny hetsika, ohatra dia nisy ny fifampizarana niarahana tamin'ny ACM (Aviation Civile de Madagascar), ny fifanakalozan-kevitra momba ny lalàna sy ny fitaterana ary ny aro lozan'ny fifamoivoizana niarahana tamin'ny ATT, na ny Antokon-draharaha misahana ny fitaterana an-tanety, sy ny mpiara-miombona antoka maro samihafa toy ny delegasiônin' ny Vondrona eôrôpeana eto Madagasikara, sns. Tsara ny mampahatsiahy fa nahatratra 108 ireo mpandray anjara tao anatin'ny SITLM. Nisy tamin'izy ireo no mpandray anjara avy amin'ny firenen-kafa, satria niisa enina ireo firenena nandray anjara.

**R. Muray**

Fahasalamana

# Maro ireo lesoka hitan'ny "Scorecard Communautaire"

*Anisan'izany ny tolotra mikasika ny fandrindram-piterahana izay tsy ampy, ka mila hatsaraina.*



**Nisy ny tatitra natao mikasika ny tolotra ara-pahasalamana azon'ny vahoaka.**

Ny 65 isanjaton'ny Malagasy no miaina 5km manodidina tobim-pahasalamana, ary zara raha 48 isanjato monja ny fanafody ilaina maika hita any. Raha sendra misy tojo tsy fahasalamana, ny 70 isanjaton'ny Malagasy tsy manatona tobim-pahasalamana ary ny ankizy latsaky ny 5 taona sy ny vehivavy no tena marefo. Niasa tamin'ny faritra 8 ny « Scorecard » izay tetikasan'ny Vovonan' ny firaisamonim-pirenena nanomboka tamin'ny 2021. Marobe ny lesoka hitan'izy ireo teny ifotony nandritra ny fanadihadiana natao. Araka ny fanazavan'i Andotiana Rivomahaleo dia hoe *"Taorin' ny fidinana ifotony natao ka nahafahana nitafa tamin'ny mponina sy nijery ny zavamisy tany amin'ireo tobim-pahasalamana CSB, hita fa betsaka ireo lesoka. Anisan'izany ohatra ny tolotra mikasika ny fandrindram-piterahana izay tsy ampy, ka mila hatsaraina. Tsy ampy na betsaka simba ihany koa ny fitaovana hita amin'ireo CSB ireo. Voatery miandry ora maro ny marary fa tsy ampy ny mpitsabo. Indraindray infirmiera no mandray fa tsy misy dokotera ao amin'ilay tobim-pahasalamana."* Santionany ihany ireo fa betsaka ny zavatra hita ka tsy hahafahan'ny olona eny ifotony misitraka tolotra ara-pahasalamana mendrika. Efa nisy fifampiresahana mivantana natao sy fanampiana ireo kaominina sasany mba hanatsarana ny zavamisy. Andraikitry ny fiarahamonim-pirenena ihany koa ny mitatitra ireo zavatra tsy mety iainan'ny vahoaka. Natao izany mba hitondrana fanatsarana amin'ny lafiny ara-pahasalamana.

**Nath**

Vaovaon'ny fiarahamonim-pirenena HINA

# Mankalaza ny 10 taona nijoroany

Ny taona 2013 no tafapetraka tamin'ny fomba ofisialy ny Vovonan'ny Firaisamonim-pirenena HINA raha efa isan'ny nanao hetsika iraisana natokana ho an'ny tsifanjariantsakafo izy ny taona 2012. Misy 655 amin'izao fotoana izao ny isan'ny fikambanana, ONG nivondrona ao anatiny ary efa miparitaka manerana ny faritra 23 izy ireo ankehitriny raha tany amin'ny faritra 4 monja tany am-piandohana. Miasa amin'ny hetsika rehetra ho an'ny tsifanjariantsakafo ny Hina ka tafiditra ao anatin'izany ny fahasalamana, miralenta, jono, fambolena sy fiompiana ary ny maro hafa. Nandritra izay 10 taona nijoroany izay, marobe ireo haitaky natao hanatsarana ny politikam-panjakana mikasika ny drafitrasam-pirenena ho amin'ny fampivoarana ny fahasalamana. Teo ihany koa ny rafitra fahasalamana izay hita fa tena marefo ka tsy hahafahan'ny ankizy sy ny zaza misitraka ny tolotra ara-pahasalamana mendrika ho azy. Raha sendra misy ny hamehana dia efa niditra an-tsehatra ihany koa ny Hina, toy ny tany Ampanihy. *"Ho an'ny 10 taona manaraka, mitohy ny asa ary hitazona ny fahaiza-manao sy ny traikefa ary hampiakatra izany mba tena hisy fiantraikany amin'ny vahoaka tokoa ny haitaky atao. Ezahina ihany koa ny hametraka vovonampirenena demokratika, izany hoe hiparitaka hatrany amin'ny fokontany ny fanatanterahana ny politikam-panjakana,"* hoy Faniry Hantarinivo, PCA ao amin'ny Hina. Haharitra 8 volana eo ny fankalazana ary amin' ny volana novambra 2024 no famaranana izay 10 taona izay.

*Nandritra izay 10 taona nijoroany izay, marobe ireo haitaky natao hanatsarana ny politikam-panjakana mikasika ny drafitrasam-pirenena ho amin'ny fampivoarana ny fahasalamana.*

**Nath**

Minisitry ny Fitsarana

# Mila ampiharina ny fitsarana manakaiky vahoaka

Manao fitetezam-paritra ao andrenivohitryi Morondava ny Minisitry ny Fitsarana, Randriamanantenasoa Landy Mbolatiana sy ireo Mpiara-miasa aminy eo anivon'ny Minisitera. Anisan'ny fitsidihana nataony ny fanamisana ny hoe fitsarana manakaiky vahoaka. Eo koa ny fametrahana paik'ady hiarahana amin'ireo olomboatendry ny mba hanamafisana ny ady amin'ny tsy fandriam-pahalemana. Tafiditra amin'izany ny fanentanana ireo mpianatra hiady amin'ny zava-mahadomelina. Nampahafantatra ny lalàna mikasika ny fifohana zava-mahadomelina, ramatoa Minisitra tao amin'ny « *Lycée privé Catholique Immaculée Conception* » sy « *Lycée pôle* » ao Morondava, faritra Menabe. Marihina fa efa misy ny toerana fitaizana ireo ankizy tsy ampy taona mandika lalana, izany hoe mikirakira zava-mahadomelina ao an-toerana. Anisan'ny andraikitry ny minisitera ny mampahafantatra ny lalàna. *« Heloka eo anatrehan'ny tany sy ny firenena ny fandraisana zava-mahadomelina. Ny lalàna mifehy ny fidorohana zava-mahadomelina eto Madagasikara dia efa tamin'ny taona 1997. Voarara ao anatin'izany avokoa ny mifoka, ny mividy, ny mamboly, sy izay mikirakira izany rehetra. Sazy an-terivozona hatramin'ny 10 taona antranomaizina no mihatra amin'ireo manao izany »*, hoy ny minisitry ny Fitsarana. Nentanina araka izany ireo mpianatra fa mafy ny sazy ho an'ireo mpandray sy ny mpidoroka ary ny mpibizina zava-mahadomelina. Nasaina ihany koa izy ireo ny mba hampahafantatra ny lalàna mifehy ny mpikirakira zava-mahadomelina ho an'ny fiaraha-monina, aorian'izao fanentanana izao.

**Deyland**



**Fiarahan'ny Minisitry ny fitsarana sy ny mpianatry " lycée " tao Morondava.**

Fikambanana Ladies Aina Iray

# Nanadio sy nandoko trano hatao famakiam-boky teny Manarintsoa



**Mandray andraikitra ireto Ladies Aina Iray ireto.**

Omaly 14 aprily ny andro iraisam-pirenena ho an'ny fanaovana asa soa. Amin'ny maha fikambanana mpanao asa soa ny Ladies Aina Iray, izay tarihin'i Onja Ranjanoro (vadin'i Ken mpihira). Tsy navelan'izy ireo handalo fotsiny ny andro omaly, fa nisy ny hetsika notanterahin' izy ireo teny Manarintsoa Isotry. Samy nitondra izay azony nentina ireo andriambavilanitra mpikambana ao amin'ny Ladies Aina Iray, omaly. Tanjona ny ho fanomanana sy fanatsarana ny efitra iray izay hatokana ho trano famakiam-boky ho an'ny EPP Manarintsoa, ao amin'ny Firaisana voalohany, Antananarivo-Renivohitra. "*Trano famakiam-boky fanindroana ity nodiovina sy nolokoina eto amin'ny Epp Manarintsoa Isotry ity. Ny voalohany, eny Ivato izay efa novatsianay boky ary efa azo ampiasaina tsara. Misy fanintelony eo am-panomanana izany eny Bemasoandro-Itaosy*", hoy Onja Ranjanoro, mpitarika ny fikambanana Ladies Aina Iray.

**Fototry ny fampandrosoana**

"*Nanapa-kevitra ny hampiroborobo ny trano famakiamboky izahay satria ny fahalalana no fototry ny fandrosoana. Ny faritra iva sady be mponina sahirana indrindra indrindra no tena iasanay sy hametrahanay toerana famakiam-boky toy izao* », hoy ihany izy.

Nanomboka tamin'ny 2007 no nankalazaina ny andro iraisam-pirenana ho an'ny fanaovana asa soa. Efa an-jatony ankehitriny ireo Firenena manamarika azy eo ambany fitarihan'ny fikambanana Good Deeds day. "*Nisafidy ny hiara-miasa amin'ny fikambanana Ladies Aina Iray izahay noho ny fahitanay ny zavabitany hatramin'izay izay mendri-pankasitrahana*", hoy kosa i Anja Rajaofera, mpandrindra ny Good Deeds day eto Madagasikara.

**Fy**

" Jeux vidéo " sy " Sarimiaina 2D/3D "

# Hiara-kiasa hanofana mpianatra ny Rubika Reunion sy ONY Madagasikara

*Misokatra ho an'ny tanora liana amin'ny Jeux Video sy ny sarimiaina 2D sy 3D ny Rubika Reunion.*

Mahasarika tanora maro amin'izao fotoana izao ny famoronana lalao Video sy ny fanamboarana sarimiana 2D sy 3D. Tafiditra ho isan'ny tetikasan'ny fikambanana Ony Madagasikara ny fampiroboroana izany eto amintsika ankoatra ny mozika sy ny Sarimihetsika ary ny « Gaming » . Efa nisy ny fiaraha-miasa teo amin'ny Ony Madagasikara sy ny GOBELINS Parisy izay mikendry ny hampiofanana ny tanora manan-talenta malagasy amin'ny sarimiana 3D. Tafiditra tao anatin'izany ny amin'ny fikarakarana fotoam-piofanana mandritra ny herinandro telo momba ny teknika sarimiaina 3D (fototra, mekanika vatana ary fihetsika). Ireo fotoam-pivoriana telo ireo dia hotanterahina amin'ny aprily, mey ary jona amin'ity taona ity.

Amin'izao fotoana izao kosa dia nisokatra ho antsika sy ny tanora aty amin'ny ranomasim-be indianina indray ny Rubika ao amin'ny Nosy Lareinio. Nisy ny fifanaovantsonia fiaraha-miasa teo amin'izy ireo sy ny fikambanana Ony Madagasikara izay natao hanohanana sy hanofanana ireo mpianatra eo amin'ny sehatry ny « Jeux vidéo » sy ny « Sarimiaina 2D/3D ». Ny Filohan'ny Rubika Reunion Arnaud Boulard, sy Nicolas Auriault, talen'ny ONY Madagascar no nanao sonia io fiaraha-miasa io ny faran'ny herinandro teo.

**Iraisam-pirenena**

Marihina fa ny Rubik Reunion dia tafiditra ao anatin'ny vondron-tobim-pianarana iraisam-pirenena lehibe indrindra tarihin'ny RUBIKA (Valenciennes) izay manana ny fahaiza-manao amin'ireo sehatra ireo, manerana ny ranomasimbe Indianina sy any ivelany.

Hamafisin'ny RUBIKA La Réunion araka izany ny fametrahana an'i La Réunion ho dobon'ny fahalavorariana ho an'ny indostrian'ny kolontsaina sy ny famoronana. Maharitra 5 taona ny fianarana ka ny diplaoma azo dia eken'ny fanjakana ahazoana ny maripahaizana. Natao manokana hanofanana ireo matihanina sy efa za-draharaha, vonona hiasa amin'ny « studio » ary manam-pahaizana manokana amin'ny sahan'ny « Jeux vidéo » sy ny « Sarimiaina 2D/3D ». Aorian'ny fianarana dia mahazo ny fahaiza-manao takiana amin'izao vanimpotoana izao.

**Tiaray R**




Ny fikambanana Ony Madagasikara.



Faha-55 taonan'ny MAMA

# Hofaranana amin'ny 10 may ny fankalazana

Tamin'ny 10 mey 1968 no niorenan'ny trano fiantohana MAMA teto Madagasikara. Efa natomboka tamin'ny taon-dasa ny fankalazana ny faha-55 taonany. *"Amin'ny 10 mey amin'ity taona ity no hamaranana ny fankalazana, ka efa eo am-panomanana ny fikarakarana rehetra amin'izany izahay ankehitriny. Hita ho miroborobo hatrany ny lafiny fiantoahana tao anatin'izay fotoana izay"*, hoy Rolin, filohan'ny filankevi-pitantanan'ny MAMA. Tamin'ny sabotsy sy alahady lasa teo, teny amin'ny "Complexe sportif"-n'ny MAMA eny Imerintsiatosika, dia nisy ny fikarakarana fifaninana lalao ara-panatanjahatena teo amin'ny taranja baolina kitra sy basikety ary tsipy Kanetibe. Orinasa mpiara-miombona antoka 11 avy amin'ny sehatra tsy miankina sy avy amin'ny fanjakana no nandray anjara tao anatin'izany. Tafiditra ao anatin'ny fanohizana ny fankalazana ny faha-55 taona ity fifaninana ity, izay nentina nanamafisana ny firaisankinan'ireo orinasa nandray anjara. *"Efa tombony ho anay ny fisian'ny fotodrafitrasa natokana ho an'ny fanatanjahatena toy izao. Nahafa-po hatrany koa ny fiaraha-miasa tamin'ny fampiasana ny kianja. Samy mahita ny olona mandalo sy mifamezivezy aty aminay fa mihatsara ny tanàna amin'ny fisian'ity fotodrafitrasa ity"*, hoy Rajaonarson Ismaël, lefitra fahatelon'ny ben'ny tanànan' Imerintsiatosika, tonga nanokatra ny lalao fifaninana teny an-toerana tamin'ny sabotsy.




Lalao ara-panatanjahatena teny Imerintsiatosika.

*Nikarakara lalao ara-panatanjahatena nandritra ny roa andro.*

**R. Muray**

Fifamoivoizana

# Vazaha maty tampoka tao anaty taksibrosy

Vazaha teratany frantsay iray antsoina hoe Thierry Fontes, 60 taona, no namoy ny ainy noho ny aretina nahazo azy tampoka raha nandeha fiara fitaterambahoaka niala tany Tana ho any Antsiranana ny sabotsy teo tokony tamin'ny 3 ora sy sasany antoandro. Teo amin'ny 10 kilaometatra mahery tsy hidirana ny kaominina Anjiamangirana, distrikan'Antsohihy izy no nitambotsitra tampoka. Niezaka nitondra azy teny amin'ny tobim-pahasalamana ihany ny mpamily saingy efa tara loatra. Marihina fa nandeha irery ity teratany frantsay ity ary raha ny filazan'ireo mpandeha dia mety ho vokatry ny harerahana sy hanoanana no nahavoa azy. Ny antony : satria lavitra ny lalana sady ratsy kanefa tsy nihinan-kanina mihitsy izy teny am-pandehanana fa rano ihany no voalaza fa nosotroiny. Noho io no ahiana ho nahatonga ny fahafatesana. Mbola mitohy ihany koa ny mety ho fanadihadiana ny raharaha. Nandray ny andrikitra tandrify azy avy hatrany moa ny avy ao amin'ny vondron-tobim-paritry ny zandarimariam-pirenena Antsohihy tamin'ny fitondrana ny razana teny amin'ny tranom-paty sady niantoka ny fikarakarana rehetra. Ny entany ihany koa dia notazomina ao amin'ny biraon'ny zandary. Andrasana kosa izay mety ho fianakavian'ilay vazaha.



Ilay frantsay namoy ny ainy.

**Deyland**

# Teny rehetra teny











**Lalao ara-panatanjahantena nifaninanan'ny orinasa 12 avy amin'ny tsy miankina sy ny Fanjakana tany amin'ny Complexe Sportive-n'ny MAMA ao Imerintsiatosika. Nafana ny fifandonana teo amin'ireo ekipan'ireo orinasa nandray anjara.**



**Tafaray tetsy amin'ny CCESCA Antanimena indray ry Erick Manana sy ny ekipany eto an-tanindrazana, omaly folakandro. " Revirevinay taloha....asio fiverenana ! "**







**Fiainana andavanandron'Antananarivo renivohitra : filaharan-drano mampijaly ny mponina ; ny tsenan'i Behoririka tsy andro sabotsy na alahady fa mandavan-taona ary ny moto mifanjevo eny an-dalambe rehetra eny.**

## Sarisary zary tenany

**Taxi brousse**



## Hatsikana an-tsary

**'Zay sôsy**



### Masoandro Miposaka

**MATIO 6 : 22-23**


**Ny maso no jiron'ny tena; koa amin'izany, raha tsara ny masonao, dia hazava avokoa ny tenanao rehetra. Fa raha ratsy ny masonao, dia ho maizina avokoa ny tenanao rehetra; koa raha maizina ny fahazavana ao anatinao, manao ahoana ny halehiben'izany fahamaizinana izany!**

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05



## Ohabolana



**Toy ny fanahin-dRainikoto manoto.**

Il faut forcément que Rainikoto donne des coups des cornes.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3220**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | 7 | | | | | |
| | 5 | | | | | | 6 | |
| 2 | | 6 | | 9 | 3 | 5 | | 4 |
| | | 3 | | | 9 | | | |
| | | | 6 | | | | | 2 |
| 4 | | | | 2 | 1 | 6 | | |
| | | | | 7 | 4 | | | 8 |
| | | 2 | | | | 3 | 4 | 5 |
| | | | 9 | | | | 2 | |

Valin'ny laharana **3219**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 8 | 9 | 3 | 1 | 7 | 5 | 6 | 2 | 4 |
| 2 | 4 | 7 | 6 | 3 | 9 | 8 | 1 | 5 |
| 6 | 5 | 1 | 2 | 4 | 8 | 9 | 7 | 3 |
| 1 | 7 | 6 | 4 | 9 | 2 | 3 | 5 | 8 |
| 5 | 8 | 9 | 7 | 6 | 3 | 2 | 4 | 1 |
| 3 | 2 | 4 | 5 | 8 | 1 | 7 | 6 | 9 |
| 9 | 1 | 5 | 3 | 2 | 7 | 4 | 8 | 6 |
| 4 | 3 | 2 | 8 | 1 | 6 | 5 | 9 | 7 |
| 7 | 6 | 8 | 9 | 5 | 4 | 1 | 3 | 2 |

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Angamba ianao mahatsikaritra fa rehefa sambatra ny vehivavy dia tsy andriny mihitsy ny hizarany ny hafaliany. Fa rehefa trotraka izy, na teny iray aza tsy ambarany, hanehoany aminao fa mafonja ny fahoriany. "

Ny Vetso (18.10.16)

("Quand une femme est heureuse, elle ne peut pas s'arreter de parler, quand elle est triste, elle ne dit pas un mot.")

Analalava

# Dahalo nanafika, nodorany ny tanàna rehefa avy norobainy

Fanafihan-dahalo nahery vaika indray ity nitranga tao amin'ny tanànan'i Madera, any Ambarijeby- Atsimo, distrikan' Analalava, ity. Nodoran'ireo dahalo mantsy ny tanàna rehefa avy norobainy ka trano maro no levon'ny afo. Araka ny fanazavàna azo dia efa nampiomana mialoha mihitsy ireo dahalo fa ho avy hanafika. Nihorohoro tanteraka ny mponina nanoloana izany ka lasa nandao ny tranony ny ankamaroany ary mandeha matory any anaty ala rehefa alina ny andro. Nisy lehilahy vitsivitsy ihany anefa nijanona niandry ny fananany sy nanaramaso ny zava-nitranga. Tonga tamin'ny fotoana tsy nampoizina tokoa ireo andian-dahalo manodidina ny telopolo lahy any ho any izay nirongo fiadiana mahery vaika, tokony ho tamin'ny misasakalina. Tonga dia nitababata nandrahona tamin'ny alalan'ny poa-basy ireo dahalo sady nopotehiny ny varavaran'ny trano. Samy nitsoaka nanavotra ny ainy avokoa ireo lehilahy tavela. Nisy tovolahy iray anefa taraiky tao antrano fa resin-tory ka norahonan'ireo dahalo tamin'ny basy.

*Efa nampiomana mialoha mihitsy ireo dahalo fa ho avy hanafika ka voatery nitsoaka tany anaty ala ny mponina.*

**Efa fantany**

Tonga dia fitaovam-piadiana avy hatrany no notadiavin'ireo dahalo satria toa efa fantany mialoha fa nisy basy tao amin'io trano nisy ilay tovolahy io. Nilaza anefa ity farany fa tsy ao intsony ilay basy. Tezitra ireo dahalo ka nofirainy ny antsy ary naratra mafy vokatr'izany. Nitady hevitra nitsoahana ihany ity tovolahy na teo aza ny ratrany ka tafatsoaka. Ireo dahalo sasany nanesy nandroba ireo trano maro teo an-tanàna ka nalainy avokoa ny vola sy ny zavatra lafo vidy. Nodoran'ireo dahalo tamin'izay ny tanàna rehefa avy norobainy ka levon'ny afo tao avokoa ny fananana sy ny tahirin'ny mponina. Trano maro no may tamin'izany. Manao antso avo amin'ny fitondràm-panjakana moa ny mponina mba hijerena akaiky ny fahavoazan'izy ireo sy ity tsy fandriam-pahalemana any an-toerana ity. Soa ihany fa tsy nisy aloha ny aina nafoy. Efa manaraka fitsaboana kosa ilay tovolahy naratra.

R.C


**Gazetiko**

Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.

Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000

**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA

**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06

**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10

**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo

**B.P.** 1414 - Antananarivo

**Tél :** 038 34 344 34

**Fax.** 22 273 51

e-mail : midigazetikom@gmail.com

**D.L.I :** 16 634 - 04 - 24

Isan'ny natonta : 25 000


## Nahandro

### Ovy sy poivron ary atody

Zavatra ilaina : ovy, poivron, atody, saosy voatabia, dipoavatra, menaka.

Fikarakarana azy : Voasana ny ovy dia tetehina zaraina efatra na tetehina somary vaventiventy. Atao ny saosy voatabia sy tongolo dia arotsaka ny ovy. Asiana rano kely mahamasaka azy sy sira. Rehefa hita fa masaka ny ovy ary tsy potika dia arotsaka ny poavrao sy dipoavatra. Haroharoina kely. Arotsaka ihany koa avy eo ny atody voakapoka dia afangaro tsara ho masaka. Kendrena tsy ho potika be. Esorina rehefa masaka. Azo aroso avy hatrany miaraka amin'ny lasary voatabia na kôkômbra

## MANAMPY ANAO

**Permanences**
**13 avril au 19 avril 2024**

PHARMACIE DE GARDE

**ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7**

- 67HA - face Eglise Luthérienne - 020 22 253 61
- VOLAHANTA - Anosibe près du rond point vers Soanierana - 020 22 355 09/034 24 334 86
- NANISANA - Nanisana Iadiambola arret bus sapin 032 03 520 29/034 05 750 29
- AMBANIDIA - 020 22 255 50/033 05 255 50
- MAHAVOKY - Andravoahangy 020 22 255 51/ 034 89 056 09
- IARIVO - Analakely en face Institut d'hygiène sociale 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06

**PÉRIPHÉRIE d'ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7**

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

**A.M.I.T.**

BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

**AMBULANCE**

- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
- AMBULANCE ET URGENCE CRTM-01 - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

## TELEVIZIONA

**MA TV MADAGASCAR**

06.00 : Oran'ny fanantenana
06.45 : Salama Va
08.00 : Dessins animés
10.00 : Ankarihary ®
11.00 : Mahery ®
12.00 : Météo
12.10 : Série ®
12.30 : News du 12h30
12.45 : Ny Vaovao
13.00 : A Votre Santé
14.00 : Film Comédie
16.00 : Journal International
16.45 : Full Sport
17.00 : Dessins animés
17.15 : Royal Chapel
17.55 : FULL Music
18.15 : Ny Vehivavy
19.00 : Les infos de Ma-TV
19.10 : Série
19.30 : Ny Vaovaon'ny Ma-TV
20.30 : Art Culinaire avec chef Dino
21.00 : Film Dramatique
23.00 : Journal International
23.45 : Film Fiction
02.30 : Magazine
05.00 : Série ®
06.00 : Oran'ny fanantenana

*************

**VIVA**

00.12 : Film
02.00 : Film
03.43 : Christian Music
04.55 : Journal : Viva Événement VM ®
05.25 : Cullte : Tsara Taiza
05.30 : Malaïka 3
06.00 : Viva Prod : Viva Réveil
07.30 : Série Act Av Po : ARROW
08.16 : Série : Les Agents du Shield
08.58 : Série : Star Wars : The Clone Wars
09.21 : Série : Parks and Recreation
09.51 : Film
12.02 : Série k-drama : My demon ®
13.12 : Journal : Flash Actus
13.17 : Viva co Prod : Minute Fihariana ®
13.20 : Music : Misy Raha
14.33 : Film
16.20 : Série k-drama : My demon
18.00 : Sport : Top Chrono
18.30 : Magazine jeux vidéo : Game in ®
18.45 : Série comédie : TEE TITANS
19.07 : Loterie : BET 261
19.30 : Journal : Viva Événement VM
20.30 : Journal : Viva Événement VF
20.50 : Film
22.33 : Film
00.21 : Journal : Viva Événement VM ®
01.01 : Magazine jeux vidéo : Game in ®
01.16 : LE FEELING DE TOUTES LES GÉNÉRATIONS

**************

**RECORD TV**

05.30 : RÉVEIL DE LA FOI
06.00 : JOURNAL ®
06.30 : LA MATINALE
08.00 : DIVERTISSEMENT / DOC / DESSINS ANIMES / MAGAZINE
08.30 : TOI MON AMOUR ®
09.25 : MAGAZINE ET DESSINS ANIMES
10.30 : i-VAOVAO
12.30 : ASINTADO ®
13.10 : HIRANTSIKA
14.30 : TOI MON AMOUR
15.30 : MAGAZINE / DOCUMENTAIRE / DESSINS ANIMES / DOCUMENTAIRE / FILM
17.00 : DESTINATION MALAGASY
19.00 : LE JOURNAL DE LA RECORD
19.45 : ASINTADO
20.30 : ALEO RESAHANA ANAO NY SEHATRA
21.00 : PAROLE DE VIE
22.00 : FILM
23.00 : FILM
00.30 : FRANCE 24

*************

**KOLO TV**

06.00 : Musique
06.15 : So COOL
08.15 : Série
08.45 : Mozika
10.00 : Shopping TV
10.30 : Série
11.00 : Mozika
12.00 : Série
12.15 : Instafun
13.20 : Kolo Ts'Art ®
14.10 : Tables de Mada
14.30 : Zik Zag ®
15.10 : Mozika
16.40 : Smiling Time
17.00 : Flash Info
17.20 : Instafun
18.00 : After
19.25 : Le Journal
20.00 : Ny Vaovao
20.50 : K-Sport
21.15 : Cinéma
23.00 : Ny Vaovao ®
23.50 : Cinéma
02.00 : Bonne Nuit avec KOLO TV

## TELEFAONINA ILAINA

**HOPITAUX ET CLINIQUES**

- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMANANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 034 71 394 95 / 034 45 076 23 - MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUM TEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

**ESPACE MEDICAL / SOS Médecins**

- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

**CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL**

- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

**AROVY CLINIC**

ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

**POMPIERS**

- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

**POLICE SECOURS - GIR**

- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

**COMMISSARIATS**

- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
- 3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

## TSIPAKA

Tsy tontosa hatramin'ny farany ny ampahefa-potoana voalohany, niadiana ny lalao famaranana « *Super Coupe 2023* », teo amin'ny zazavavy latsaky ny 12 taona, nifanandrinan'ny MB2ALL sy ny Fandrefiala, teny amin'ny kianja Anosisoa Ambohimanarina, fa nijanona teo amin'ny fe-potoana 3 mn 01, izay nitarihan'ny Fandrefiala tamin'ny isa 10 no ho 00. Niakatra an-kianja mantsy ny raim-pianakaviana anankiray, nitaona ny saina sy nandrahona ny mpanazatra ny MB2ALL, hampitsahatra ny fihaonana teo amin'ny ekipa roa tonta. Nambarany fa tsy mitovy ny haben'ny mpilalao mifanandrina ka tsy tiany haratra ny zanany. Nanaraka ny baiko tsy fidiny ilay mpanazatra, ary dia nasain'ny mpitsara lalao nanao tatitra tamin'ny antony nampitsaharana ny lalao.


### Mihatsara ny toe-batana

Toy izao ny voarakitra tao anatin'ilay tatitra nataon'ny mpanazatra ny MB2ALL (tsy nasiam-panovana) : « *Noho ny tsy faneken'ny Ray AmadReny dia najanona ny Baoly (Match) noho ny tsy fitovian'ny vatana U14 contre U12. Raiso tompoko ny haja anboninahitra atolotray anareo (…)* ». Teo anatrehan'izany rehetra izany dia nangaihay tsy nahitana teny ireo mpilalao, niala teny ambony kianja. Nanomboka hatreo dia raikitra ny fifanasana vangy teo amin'ny ray aman-drenin'ny mpilalao sasany. Ny mpanazatra roa lahy kosa nifanaja tsara. Samy manana ny heviny ireo mpifanditra, manoloana ny fitsipika mifehy ny fifaninanana. Rehefa nanontaniana ny heviny mikasika an'iny trangan-javatra iny ny tekinisian'ny *Section Basket-Ball Antananarivo Renivohitra* (SBBAR), dia nanteriny fa efa nampahafantarina ny mpifanandrina fa tsy misy miova ny mpilalao, niatrika ny famaranana tamin'ny taon-dasa, izay natokana ho an'ny teraka ny taona 2011 no midina. Famaranana, izay efa tsindrian-daona be ihany ny mpomba niandry azy, kanefa dia rava maina ny lalao. Ireo mpilalao ireo ihany, hoy ny tekinisianina, no nandray anjara tamin'ity fifaninanana tamin'ny « *Super Coupe* » ity. Marihina moa fa nasehon'ny mpanazatra ny Fandrefiala ny mpitrandraka vaovao arapanatanjahantena teny antoerana ny « licence »-n'ny mpilalaony, izay tsy misy mihoatra ny taona 2011. Araka izany dia ny haben'ny vatana no tsy mitovy, satria nanantombo ny ankilany raha nampitahaina tamin'ny andaniny.

**aris rafaly**

Kianja Mahamasina - Fifanintsanana " Mondial 2026 "

# Tsy afaka mandray ny " Aigles "-n'i Mali sy ny " Coaelacanthes "-n'i Comores



Navoakan'ny « Confederation Africaine de Football (CAF) » ny lisitr'ireo firenena 54 afrikanina, afaka mandray na tsia ny andro faha-3 sy faha-4 amin'ny lalao fifanintsanana amin'ny fiadiana ny tompondaka eran-tany 2026, izay samy hotanterahina amin'ny volana jona 2024. Samy tafiditra ao anatin'ireo firenena 23, tsy afaka mampiantrano ny mpifanandrina aminy i Comores sy Madagasikara ary Centrafrique sy Tchad, ao anatin'ny Vondrona I misy antsika, miaraka amin'i Mali. Mali kosa indray dia manana kianja tokana, nambaran'ny CAF fa afaka mandray ny mpifaninana aminy soa aman-tsara. Tahaka izao ireo firenena voahilika, tsy azo handraisana ny fifanintsanana « Mondial 2026 » aty Afrika : 1.Benin – 2.BurKina Faso – 3.Burundi – 4.Republique Centrafrique – 5. Tchad – 6. Congo – 7. Eritrhée – 8. Eswatini – 9. Ethiopie – 10. Gambie – 11. Guinée – 12. Kenya – 13. Lesotho – 14. Madagasikara – 15. Namibie – 16. Niger – 17. Rwanda – 18. Sao Tomé – 19. Soudan Sud – 20. Soudan – 21. Ouganda – 22. Zimbabwe.23.Seychelles-24.Siera Leone-25.Somalie-26.Comores. 27.Djibouti . Amin'ireo firenena 31 nahazo fankatoavana kosa indray dia misy manana kianja maro fa ny sasany anankiray monja. Toy izao ny momba azy ireo : 1.Malawi (kianja : 1) – 2.Mali (1) – 3.Mauritanie (1) – 4.Maurice-5.Maroc (5) -6.Mozambika (1)-7.Nigeria (1)-8.Senegal (1)-9.Afrika Atsimo (9)-10.Tanzanie (1) – 11. Togo (1) – 12. Tunisie (1) – 13. Zambie (1) – 14.Algerie (5) – 15. Cameroun (4) – 16.Cap Vert (1) – 17. RD Congo (2) – 18. Côte d'Ivoire (6) – 19. Egypte (6) – 20. Gabon (1) – 21. Ghana (1) – 22. Guinée Bissau (1)-23. Republique de Guinée (3)-24. Liberia – 25. Libye (1)-26.Angola-27.Botswana-28.Guinée Equatoriale (3) . Samy manana ny fomba fijeriny an'izao toe-draharaha izao ny mpikitra. Ho an'ny mpomba ny fitondrana dia mbola manana fanantenana amin'ny volana mey, lazaina fa hitsidihan'ny « Inspecteur »-n'ny CAF antsika indray.

**aris rafaly**

# AKON'NY BASKET-BALL

*SBBAR – « Final Super Coupe 2023 »*

**Tsy nety nanohy ny lalao ny MB2ALL**

Teo amin'ny ampahefa-potoana voalohany 3 minitra 01 monja no nizoran'ny lalao famaranana tamin'ny fiadiana ny « Super Coupe 2023 », nokarakarain'ny Section Basket-Ball Antananarivo Renivohitra, teny amin'ny kianja Anosisoa Ambohimanarina, tamin'ny tolakandron'ny asabotsy teo. Noravan'ny raim-pianakaviana anankiray ny fihaonan' ny MB2ALL sy ny Fandrefialala, teo amin'ny zazavavikely latsaky ny 12 taona. Niditra teny ambony kianja mihitsy ny tenany, nanao fanambarana fa tsy mitovy ny haben'ny mpilalao. Ahiahy mety hisian'ny faharatrana no nahatonga azy nandray ny fanapahan-kevitra, nampitsahatra ny lalao. Tsy nanisy olana tamin'ny fampitsaharana ny lalao ny mpanazatran'ny MB2ALL fa nanaiky ny baiko « midina », izay nambarany tamin'ny tatitra nataony fa avy tamin' ny raiamandrenin'ny mpilalao. Marihina fa talohan'ny fihaonana, dia efa nisy ny fifandirana teo amin'ny lokon'ny fanamiana nanaovana. Samy nanao loko fotsy mantsy ny ekipa roa tonta, izay samy nilaza fa ao anatin' ny « Ekipa A ». Nivaha ihany anefa ny olana fa nanaiky nanolo « maillot » ny mpanazatra ny Fandrefiala, na dia tsy ampy aza ny isany ary neken'ny mpitsara lalao. Tao anatin'io fe-potoana voalaza eo ambony io fa nilalaovana, dia nifanesisy ny baolina tafiditry ny mpilalaon'ny FAN, izay tsara toe-batana amin'ny filalaovana basketball ny ankamaroany (gabarit). Nandiso fanantenana ny mpijery ny fitsaharan'ny lalao. Lalao famaranana, izay nanterin'ny tekinisianin' ny SBBAR fa tsy misy fiovana ny mpilalao niatrika ny fifaninanana, teraka tamin' ny taona 2011 no midina. Natolotr'Atoa Rakotomavo Lalaina « Sousoune », filohan'ny SBBAR, ny kapitenin' ny FAN ny amboara niadiana.

*Famaranana « PRE-SAISON »*

**Nandresy tamin'ny mokafohy ny LUCADRO**

Tamin'ny isa tsy nifanalavitra loatra, 38 no ho 32, no nandresen'ny LUCADRO Ambohimanarina ny ASA Ampefiloha, teo amin'ny famaranana « N1B » vehivavy. Tsy misy afa-tsy mpilalao valo ihany ry Erica / Eugénie / Julie / Ravaka / Sabrina / Thérèse / Mamitiana / Razanany kanefa nandavo ny mpifanandrina taminy. Samy nampiasa ny fahaiza-manaony, nandresena ny mpifanandrina taminy avy ny mpanazatra Félix sy Ando. Tombony ho an'ny mpilalaon'Ambohimanarina ny fahaiza-miaraka sy ny tanjaka nananany, izay ao anatin'ny fahatanorany tanteraka. Niaraka niainga, nilalao tamin'ny taonan'ny fahazazany ihany koa ireo mpilalaony, izay monina eny amin'iny disitrikan'Ambohimanarina faha-6 iny avokoa. Marihina fa tombony ho an'ny fileovana ao anatin'ny SBBAR ny fisian'ity « Pre-Saison » ity, hanalan'ny mpilalaony arafesina alohan'ny hiatrehana ny fiadiana ny tompondakany. Tahaka izao kosa ny vokadalao tamin'ny lalao fifanintsanana amin'ny tompondakan'ny SBBAR 2024 : « U18G » / Mmbc (48) # Bfft (72) – Fbc (62) # Sniper (14) – Ambb (46) # Bcr (52) – Jcba (38) # Cbbt (19) ; « U18F » / Assm (46) # Bcr (52) – Cbbt (33) # Jcba (37) ; « U20F » / Aca (3à # Mb2All (39) ; « N1BH » / Lucadro (59) # Jap Mada (62).

*Section Ambohidratrimo*

**Fanokafana ny taom-pilalaovana nomarihina tamin'ny famaranana**

Nosokafana tamin'ny fomba ofisialy manetriketrika, teny amin'ny kianja miaramila teny Ivato, ny taom-pilalaovana 2024 eny amin'ny « Section Ambohidratrimo ». Nentina nanamarika an' izany ny lalao famaranana teo amin'ny sokajin-taona « U16 F/G – N1BD / H ». Teo amin'ny latsaky ny 16 taona zazalahy sy zazavavy dia tafita tamin'ny lalao famaranana avokoa ny ekipan'ny Dunamis. Resin'ny zazalahiny tamin'ny isa 73 no ho 63 ny Cosbaimi, ary niondrika tamin'ny isa 45 no ho 27 teo anatrehan'ny New Academics Sport kosa ny zazavaviny. Teo amin'ny sokajy vehivavy « N1B » dia nahery vaika ny Dunamis raha nifanandrina tamin'ny Astar, izay montsana tamin'ny isa 52 no ho 28. Tojo teo amin'ny famaranana « N1B » lehilahy kosa ny Acacias saingy lavon'ny Gbca 42 no ho 28. Tahaka izao ny filaharan'ny ekipa tamin'ireo sokajy ireo : « U16 F » : 1°/ N.A.S – 2°/ Dunamis – 3°/ Cosbaimi ; « U16G » : 1°/ Dunamis – 2°/ Cosbaimi – 3°/ N.A.S – 4°/ Gbca – 5°/ Abc ; « N1BD » : 1°/ Dunamis – 2°/Astar–3°/Sbl ;« N1BH » : 1°/ Gbca – 2°/ Acacias. Tonga nanotrona sy nanome voninahitra ny lanonana, notarihan'ny filohan'ny SBBA Ra-Joel, ny filohan'ny Ligin'Analamanga, Atoa Hery Andriatsima, sy ny Sekretera Jeneraliny, Atoa Mampionona Haingo.

**aris rafaly**



Sarotra resena ireto Lucadro ireto ! (Sary : a.r)

# FANATANJAHANTENA AN-TSARY

*Ankoatra ny ady hevitra nitranga tamin'ny tambajotran-tserasera momba ny tsy fahazoan'ny kianjaben'i Mahamasina mampiantrano ny lalao fifanintsanana amin'ny " Mondial 2026 ", tanterahina any amin'ny firenena telo any Amerika, dia azo lazaina fa nangingina ny fifaninanana ara-panatanjahantena teo an-drenivohitra, ka tsy nahazoana sary firy....*



**Ankoatra ny fahazoan'ny federasionina (FMF) " Quitus 100% " , dia lohahevitra maro no nodinihin'ireo mpitantana ny ligim-paritra 22, nandritra ny Zaikabem-pirenena, nandinihana ny hampandrosoana ny baolina kitra malagasy.**



**Anisan'ny nandray anjara mavitrika tamin'ny " Concertation Nationale " ny Ligin'i Vakinankaratra, notarihin'ny Filohany Fidinirina Andriantomponera.**



**Nangaihay ireto zazavavikely ireto fa tsy afaka nanohy intsony ny lalao famaranana tamin'ny " Super Coupe 2023 - U12F".**



**Tsy nisalasala ny Filohan'ny SBBAR Rakotomavo Lalaina " Sousou ", nanolotra ny amboara tamin'ny kapitenin'ny Fandrefiala.**



**Miroborobo ny taranja basket-ball ao amin'ny Section Ambohidratrimo.**

Kitra - PFL 2023 / 2024

## Lavo fanimpitony ny AJESAIA

Tsy nisy ny fahagagana, omaly, tetsy amin'ny kianjan' Alarobia, fa lavon'ny USCAFoot tamin'ny isa mazava 4 no ho 2, ny ekipan'i Tanikatsaka Itaosy (AJESAIA), izay tsy nahazo fandresena mihitsy tamin'ny lalao fito nataony tao amin'ny « Conference Nord » misy azy. Araka izao voka-dalao azony izao dia azo veroka ny hivarinany kilasy amin'ny taom-pilalaovana manaraka, raha tsy misy angaha ny fitsipika vaovao mifehy ny fifaninanana PFL 2023-2024. Izao vokatra izao no tonga dia noho ireo mpilalaony « Cadres » maro nalefan'ny mpitantana azy, mila ravinahitra any ivelany sy amin'ny klioba maro eto an-tanana. Tany Ambatondrazaka ihany koa resin'ny AS Fanalamanga 2 no ho 0 ny KFCA Diana. Samy miandrandra ny hiatrika ny dingan'ny ampahefadàlana ny ekipan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra sy ny mpamboly hazon'i Moramanga, izay nivoaka nandresy avokoa tamin'ny lalao fifanintsanana farany natao. Araka izany dia miandry ny fanapahankevitra ofisialy avy amin'ny mpitantana ny PFL ny mpanaraka kitra. Tany Mahajanga indray dia nomontsanin'ny Fosa Junior tamin'nyisa 3 no ho 0 ny COSFA, izay nampiantrano ny lalao tany amin' ny kianja Rabemananjara. Ho an'ny « Conference Nord » hatrany dia mbola tsy eto am-pelatanana ny voka-dalaon'ny ASA Diana sy ny Tsaramandroso FC Boeny, natao tany amin'ny kianjan' Ambanja. Ao amin'ny « Conference Sud » kosa indray dia mitarika ny laharana vonjimaika hatrany ny Elgeco Plus Analamanga, izay nandresy ny DATO FC Farafangananatamin'nyisa 3 no ho 1 teny amin'ny zaridainany. Toraka izany koa ny Disciples FC Vakinankaratra, nandavo ny Inate FC Rouge 2 no ho 1. Nahavita fahagagana ny Cffa Analamanga, tany amin'ny kianjan' Ampasambazaha, satria lavony tamin'ny isa tokana 1 no ho 0 ny Zanakala FC nifanandrina taminy.

**aris rafaly**